Gazetiko
www.gazetiko.mg
Laharana 7827 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alakamisy 21 martsa 2024

TSARAHONENANA TANA V 8

# NAKATON'NY FANJAKANA NY FIANGONANA JESOSY MAMONJY

MARINA IZANY ! 6

## MILA VAHAOLANA MAIKA !

APMF 5

## HAMETRAKA SERANAN-TSAMBO AO VATOVAVY SY FITOVINANY

BRICKAVILLE 4

## LEHILAHY MATY TAPA-DOHA

Tafa...sika 3

VERO (MPIHIRA)

## "VAKOKA TSY HO LEFY LAZA NY HIRAN'NY FEON'ALA"

MPITATITRA SOLIKA 9

## NANOME 72 ORA HAMOA-HANA IREO NAMANY NOSAMBORINA

LALAO AFRIKANINA 2024 10

## METY HANDROMBAKA MEDALY NY MAKIS VEHIVAVY

TOE-DRAHARAHAM-PIRENENA 7

# HAMORY IREO HERY POLITIKA



# NY VOVONANA PAN-FFKM






Kapitsany

# Hizara sehatra amin'i Omar etsy Analakely

Mpanakanto samy manana ny mampiavaka azy ary samy manana ny mpankafy azy i Kapitsany sy Omar kanefa dia hiray sehatra etsy amin'ny Le Glacier Analakely. Tanjon'izy ireo ny hampihaona ny mpankafy avy amin'ny andaniny sy ankilany mandritra ity fiarahana ity. "Kabare Double attack" moa ny lohahevitra entina amin'izany noho ny aingam-panahin'ireo mpanakanto ireo tsy dia mifanalavitra loatra. Samy hanao ny hirany izy roa lahy mandritra ny kabare ka entin'i Kapitsany ao ireo hira nahafantarana azy ka santionany amin'izany ilay hira hoe "Tsinjaka Matata", "Pardonne-moi", "Fafao ny Ranomaso". I Omar ihany koa dia efa nanoman'ireo hira ho an'ny mpankafy ka anisan'izany ilay hira hoe "Anah io fa tsy anao", "Sambôsy", "Tsy hiala aminao", "Tia, Kiloty manga". Mety hisy kosa anefa ny fampiaraham-peo ataon'izy mirahalahy amin'io fotoana io. Ny Zoma izao hanomboka amin' ny 9 ora alina ny seho saingy tsara kokoa ny hahatongavana mialoha mba hahafahana mifidy izay toerana tsara. Tsy isan' andro ihany koa no ahita an'i Kapitsany sy Omar hiray sehatra izany.

**Tiaray R**

Lalao Elina Razanadriaka

# Havadika horonan-tsarimiaina ny angano "Ivelo sy Imbelo"

Mpanoratra sady mpitantana ny trano famoaham-boky Mipariaka Boky i Lalao Elina Razanadriaka. Angano ho an'ny ankizy no ankamaroan'ny boky nosoratany. 36 taona izy izao no nanoratra ary 18 taona niseharany teo amin'ny asa soratra. Maro ny sanganasany ka santionany amin'izany ilay hoe "Ny lanitra sy ny Fianakaviany" sy "Ny lesona nomen' ny sahona", "Rabitro tsara fanahy". Misy amin'ireo bokiny ireo no nadika amin' ny teny frantsay noho ny fangatahan'ny maro. Misy hatrany kosa ny miaramiasa aminy amin'ny fandikana ny boky amin'ny tenim-pirenena hafa ka anisan'izany i Hassy. Eo am-panomanana ny famoahana ny boky angano hoe "Ivelo sy Imbelo" izy amin' izao fotoana izao ary ny faniriany dia ny hamadika izany ho horonan-tsarimiaina. Mitantara ny zavamisy momba ny zon'ny ankizy sy ny tontolo iainana ilay angano ary mpianadahy no mpilalao fototra ao anatiny. "Mora kokoa ho an'ny ankizy ny mandray ny hafatra tiana hampitaina raha hatao sarimiaina ilay boky" hoy izy.




**Angano ho an'ny ankizy no ankamaroan'ny boky nosoratan'i Lalao Elina Razanadriaka.**

Notsindrian'i Lalao Elina Razanadriaka anefa fa miha mahazo toerana eto amintsika ny fitiavan'ny tanora sy ny ankizy boky amin'izao fotoana izao. Ankoatra ny boky fianarana sy ny boky fanadihadihana dia mahaliana ny tanora, indrindra ny ankizy ny Angano. Mitombo ihany koa ny tanora miroso amin'ny asa soratra ankihitriny. Fanabeazana aratontolo iainana, fanajana ny soatovina no tian'ny mpanoratra ampitaina amin'ny Angano. Ny Fankalaza ny andro maneran-tany ho an'ny Angano araka izany dia ny tsy ahavery ny soatoavina eo anivon'ny firenena iray ka anisan'izany isika malagasy.

**Tiaray R**

Lico Kininike

# Hifamotoana amin'ny mpankafy azy etsy 67 ha

Efa tsinjon'ny mpanaraka sy mpijery Rasoa Kininike tamin'ny fahavelony fa hanana ny maha izy azy eo amin'ny tontolon'ny mozika i Lico Kininike zanany lahy. Ity farany moa no nandimby azy amin'izao fotoana izao ary efa maro ny faritra nandehanany nanehoany izay talentany izay tsy teto Madagasikara ihany fa hatrany ivelany ihany koa. Tany amboalohany dia ny fameloma-maso ny hirandReniny no nataony fa taty aoriana kosa dia namoronkira ho azy i Lico Kininike. Hanolotra seho etsy amin'ny Bonara-Be 67 ha ity kintan' ny mozika avy any Atsimo ity ny zoma izao hanomboka amin'ny 9 ora alina. Hiavaka tsy tahaka ny fanaony any amin'ny toerankafa ity seho ity satria hiezaka ny tsy hampidina ny hafanan'ny sehatra mihitsy izy mandra-pahavitan'ny hetsika. Maro ny hira efa nomaniny ho an'ny mpankafy sy ny mpitia mozika amin'io fotoana io ka anisan' izany ilay hira hoe "Aleo iha mandeha", "Tsara tso-drano", "Priorité". Dia ny masoandro miposaka indray no hampalahelo e ! Zoma faran'ny herinandro io ka sady fanalana havizanana nandritra ny herinandron'ny asa no fanomanana sahady ihany koa ny herinandro vaovao.

**Tiaray R**



**Hiavaka tsy tahaka ny fanaony any amin'ny toeran-kafa ny seho amin'io zoma io.**

Rim-Ka

# Hanafana ny sehatra ao amin'ny Feeling Good Vatofotsy

Ao amin'ny Feeling Good Vatofotsy any Antsirabe Renivohitry Vakinankaratra no hihaona amin'ny mpankafy azy i Rim-Ka ny zoma izao hanomboka amin'ny 9 ora alina. Seho hafa mihitsy no hatolony amin'io satria endriky ny seho nataony nandritry ny fitetezeam-paritra tany ivelany no entiny ho an'ny mponin'Antsirabe. Anisan'ny mampiavaka an'i Rim-Ka moa fivoizany ny gadona Africapop izay tsy dia mbola be mpanao loatra. Ansian'ny manasongadina izany ny hirany hoe « Tsy magnino », « Tegna izy », « La Clé ». Dj Valouh moa no hikosoka ny kapila amin'io fotoana io. Voafetra ihany ny toerana ka tsara kokoa raha manao famandriana dien'izao. Amin'izao fotoana izao, miparitaka manerana ny firenena ny onja Rim-Ka. Tany Toamasina sy ny faritra manodidina no nanombohany nanapariaka ny mozikany ka nalaza tamin'izany ilay hira hoe "Very Jery". Avy eo dia niitatra hatrany avaratra ny lazany, anisan'ny toerana mora nandray ny kantony ny tao Sambava, Antalaha sy ny hafa. Ilay gadona somary mandona ny fo sy ny tonony somary mivatam-batana no hitiavan'ny olona azy.

**Tiaray R**

Ady amin'ny hosoka

# Hampitombo avo telo heny ny tetika efa natao ny MSK



**Hetsika maroloko no nandravaka ny fankalazana ny andro maneran-tany ho an'ny Angano sy ny Poezia.**

Nankalaza ny andro maneran-tany ho an'ny Poezia isika omaly. Ho an'ny teto Antananarivo dia tetsy amin'ny Havoria (ORTM) etsy Anosy no nanamarihana izany tamin'ny fomba ofisialy izay natambatra tamin'ny andro maneran-tany ho an'ny Poezia anio. Mpisehatra maro amin'ny Angano sy ny Poezia no tonga nanoina ny antson'ny Minisiteran'ny serasera sy ny kolontsaina izay tompon'ny fanasana. Tsy tonga nanatrika izany aloha ny minisitra Augustin Andriamananoro fa i Fetra Rakotondrasoava, Sekretera Jeneraly no nisolotena azy. Namaly fangatahan'ny mpanoratra sy ny tranom-pamokarana mikasika ny firongatry ny piraty ny SG Fetra Rakotondrasoava. Nambarany fa "hampitomboina avo telo heny amin'ny tetika efa misy eo anivon'ny BAP ambany fiahian'ny Minisitera serasera sy kolontsaina ny ady atao amin'ny Piraty". Ho fampiroborobona ny asa soratra sy ny vaky boky kosa dia efa maro ny tetikasan'ny MSK momba izany toy ny fampahafantarana mpanoratra iray isambolana, ny tontolon'ny rohin'ny boky. Fa ankoatra izay dia nambaran'ny Sg Fetra Rakotondrasoava fa "Fibeazana amin'ny fomba kanto ny angano ka amin'ny fotoana fankalazana tahaka izao no hanomezana sehatra ny mpanoratra sy ny mpisehatra amin'ny Poezia sy ny Angano."

Marihana fa Arikom's Randria no nisolotena ny mpanoratra tamin'ny fandraisam-pitenenana izay nanambarany fa "vonona ny hanome tanana sy hitondra ny anjara birikiny ho an'ny fanabeazana izy ireo". Fitantarana angano, fiantsana poezia, seho dihy sy hira nataon'ny ANAC no nanamarika ny andro omaly. Mpianatra maro avy amin'ny sekoly miankina sy tsy miankina amin'ny fanjakana no nasaina hanatrika ny hetsika.

**Tiaray R**

# Tafa....sika

Vero (mpihira)

## "Efa vakoka ka tsy ho lefy laza ny hiran'ny tarika Feon'Ala"

*Vero. Anisan'ireo mpihira vehivavy manana ny maha izy azy, nefa niafina hatrany tao ambadiky ny tarika malaza hatramin'izay. Feo lafika izy amin'ny ankapobeny, niara-niasa tamin'ny mpanakanto marobe. Niara-niasa ela tamin'ny tarika Feon' Ala satria efa nandalo tao koa i Cynthia, zanany vavy. Namelona ny hiran'ny tarika tany Frantsa izy mianaka. Amin'izao fotoana mifototra kokoa amin'ny hira fiderana i Vero any Frantsa. Nisy ny resaka nifanaovanay taminy :*







**Gazetiko :** Tao amin'ny tarika Feon'Ala no nahafantaran'ny maro anao sy Cynthia zanakao. Efa tany amin'ny taona 90 tany ho any ianao no fantatra fa niditra tao. Ahoana no nahatonga anao mpikambana tao ? Fantatrao ve hoe aiza daholo ireo mpikambana tamin'ny tarika ireny ?

-**Vero :** « *Tamin'ny 1978 tany ho any aho no nanomboka niakatra an-tsehatra, 12 taona tamin'izany. Fampisehoana tao amin-dRasalama tamin'ny andron -dry Trait d'Union : Thé concert - Dîner concert -fifaninanana vakodrazana nohavaozina tao amin'ny kianja mitafo Besarety sy ny maro hafa. Ny taona 1981 niaraka tamin' i Papa Raindimby fotoana fohy teo koa i Didier Randrasana. Ny taona 1982 no nanomboka Dedesse, tantara nitohy ny tao amin'ny tarika Dedesse na nanao feolafika tetsy sy teroa aza. Nandray anjara tamin'ny rakikiran-dry Mily Clément, Pascal Vertigo , Clô Mahajanga , Max Exception, Jerry Marcoss(tsy tody hatramin'ny farany). Nisolo mpihira fotsiny no nanombohako tao amin'ny Feon'Ala, fa tsy afaka nanao Feon'Ala tena raikitra aho satria mbola nanampy izay artista nila feo lafika. Lalao , Lolona, Jacquis no tao amin'ny Feon' Ala tamin'izany.*

*Amin'izao fotoana : I Lalao nanokatra trano fanaovam-bolo any Talatamaty ; i Lolona nijanona ( antony manokana) ary Jacquis tsy henoko intsony hoe aiza* ».

**Gazetiko :** Taty aoriana, i Cynthia, zanakao indray no lasa mpikambana tao amin'ny Feon'Ala. Fifandrifiana sa faniriany ny hanaraka ny dianao tao amin'ny FeonAla ? Aiza ihany koa izao ireo mpikambana telo mirahavavy ireo?

**Vero** : « *Tohizako kely ny tantara. Rehefa nijanona izy 3 telo vavy (Lalao, Lolona, Jacquie). Niaraka nihira tamin'i Claudia sy Lilie indray aho. Tsy naharitra ela satria voatery nandao an'i Madagasikara i Claudia. Teo no nitsirian' ny eritreritr ' i Tonton Charles Morrin Potty hanangana Feon'Ala junior. Izaho no niandraikitra azy telo vavy tamin'izany : Cynthia (Betina), zanako ; Mino ary Móda. Anisan'ny nandrian'ny sain' i Tonton Poty voalohany i Cynthia zanako, izay nampiarahany tamin'i Mino sy Moda. I Cynthia rahateo efa niaraka tamiko matetika nanao feolafika niaraka tamin' i Dedesse, Backom le Rasta , Milly Clément sy ny maro hafa. Tsy sarotra taminy ny nanatontosa ny tahirin-kira izay nisy an'i Betina.*

*Momba ireto farany ireto indray, Cynthia lasa aty France tamin'ny 2004 ; i Mino nijanona ihany koa noho ny antony manokana ary i Môda tsy henoko intsony satria izaho lasa taty France talohan'i Cynthia. Fa rehefa tonga taty i Cynthia, dia nitondra ny anarana Feon'Ala France izahay mianaka. Amin'izao efa sahirana miasa dia tsy araka intsony* ».

**Gazetiko** : Inona no azonao resahana momba n'y tarika FeonAla izany? Tokony mbola hanana n'y toerany vé n'y tarika am Zao vanipotoana izao? N'y tononkira vé mbola mitombina, ilain'ny tanora sy mpitia mozika ankehitriny ?

**Vero** : « *Ny tarika Feon'Ala efa teo. Nakafizin'ny maro hatramin'izay, ary hatramin'ny fahazazako no efa fantatra izany. Ny zavatra azoko lazaina dia izao : - Efa vakoka ka tsy ho lefy laza ny hira izay nampalaza ny tarika hatramin'izay lalana rehetra nodiaviny izay, na teo aza ny fiovaovan' ny mpikambana tao amin'ny tarika. Porofon'izany, mihira azy ny tanora any amin'ny karaoke, ary isaky ny manao fampisehoana izahay taty Frantsa, mihazakazaka daholo ny mpakafy rehetra efa zokinjokiny avy any amin'ny lafivalo rehetra. Ny tanora koa tonga maro nohon'ny fisian'ny tahirin-kira Betina izay efa naka endrika tanora tamin'ny fotoan'andro. Efa nanana ny lazany sy ny toerany hatramin'izay ny hiran'i Feon'Ala ary anisan' ireo vakoka tsy ho faty ao ampon' ny olona ( nostalgie). Ny tononkira tsy ho tontan'ny ela satria mbola mitombina amin'ny fiainan'ny tanora sy mpitia mozika ankehitriny* »

**Dinika nifanaovan'i Fy**



## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### MIVIDY

* Lamba, kiraro, boky, vy, fanaka, TV, kojan-dakozia, poketra, debara. Rason. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 774/15-14)

* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.01.764.83. (G-BA 773/20-15)

* Lamba, poketra, kojan-dakozia, TV, bisikileta, machine, cahier, debara. MA SARAH. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 781/10-6)

### A VENDRE

* Tsenabe Isotry. Trano 2 étages : 16ch, E&E, 1er plan, T&B, QC : 5 MD Ar à d. Tél : 033.73.021.33. (G-BA 785/10-4)

### COURS

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-CL 776/5-3)

* Cours prépa. concours ENMG, ENAM, Police Mahafapo. Tél : 032.42.817.46. Fb MANAMPY JURISTE. (G-BA 769/20-18)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy " coupe homme ". Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 779/10-8)

### SERVICE

* Vidange fosse septique, wc perdu, puisard, Makiplast, plomberie. Tél : 034.60.797.42. (G-BA 783/10-6)

### VIDANGE

* Vidange fosse septique, fosse perdue & puisard...Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA-775/20-13)

* Vidange wc fosse septique, puisard Makiplast, fosse perdue. Tél : 033.51.333.19 / 038.08.304.97. (G-BA 780/12-7)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdue, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 784/6-3)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 784/6-3)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 784/6-3)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.22.595.81. (G-BA 788/20-2)

### MITADY ASA

* Aide-chauffeur, ménagère, livreur, gardiennage. Tél : 034.58.182.06. (G-BA 786/4-2)

* Mitady asa – Gardien, ménage du bureau, livreur en vélo. Tél : 034.41.852.77. (G-BA 787/4-2)

* Vehivavy matotra 41 taona mitady asa, kilasy mody, asa trano. Tél : 038.47.241.87. (G-BA 789/1)

Brickaville

# Lehilahy maty notapahan-doha, voasambotra ilay tompon'antoka

*Tsy fantatra mazava izay votoatin'izany fa tsy vitan'ny ady am-bava ny zava-niseho.*

Lehilahy iray tokony ho 45 taona no maty notapahan-doha, tany anelanelan'ny tanànan'Ambalavary sy Sahavolo, fokontany Ambalatenina atsimo ao anatin'ny kaominina Fetraomby any amin'ny distrikan'i Brickaville ny alahady lasa teo tokony ho tamin'ny 5 ora hariva. Tamin'io andro io, avy nividy akondro tany Ambalatenina atsimo ny lehilahy roa. Teny an-dalana anefa dia nifamaly izy ireo. Tsy fantatra mazava izay votoatin'izany fa tsy vitan'ny ady am-bava ny zava-niseho. Niaka-pahatezerana ilay iray ka tsy nahatsindry fo intsony ary nahatana ny fihetsiny. Tonga mantsy dia nokapainy tamin'ny famaky ny tendan'ilay niady taminy io ka nitarika ny fahafatesany izany. Taorian'izay, lasa nandeha nitsoaka ralehilahy. Nisy olon-kafa nandeha tamin'ny lalana nodiavin'izy roa lahy nahita ny zava-nitranga tamin'io na dia somary nifanalavitra aza ny elanelan'izy ireo. Ireo olona ireo no nampandre ny olona tany Sahavolo izay tanàna fonenan'izy roa lahy. Tsy hita popoka izay misy ilay lehilahy nahavanondoza ka nanoloana ny zava-nitranga, nihetsika avokoa ny andrimasom-pokonolona teo an-tanàna nikaroka azy.

**Handray taksiborosy**

Efa nampandrenesina ihany koa ny mpitandro filaminana ka raha vao nandre mikasika ity vono olona ity, tonga dia nandeha nanao fizahana ifotony tany amin'ilay toerana nahitana ilay vatana mangatsiaka niaraka tamin' ny dokotera ka rehefa vita izany dia natolotra ny fianakaviany ny razana. Nitohy hatrany ny famotorana ka afakomaly tokony ho tamin' ny 7 ora maraina no nisy nahita tany amin'ny tsenan'i Sahavalaina ilay lehilahy karohina. Nampandrenesina ny zandary avy ao Sahavalaina ka nandeha tany an-toerana hisambotra azy ka tamin-dralehilahy handray taksiborosy ho any Toamasina iny no tratehaka. Efa natolotra ny borigadin'ny zandary any Brickaville izay manao ny famotorana ity lehilahy tratra ity, mba hisorohana ny mety hisian'ny fitsarambahoaka na fanafihana ny tobin'ny zandary. Aorian' izay dia hatolotra ny fampanoavana ny raharaha.

T.H

Behenjy

# Tokantrano notafihana enin-dahy nitam-basy, roa maty voatifitra

Tokantrano iray tao amin'ny tanànan'Amboangivy, fokontany Soaloka, kaominina Behenjy anatin'ny distrikan'Ambatolampy no notafihana jiolahy enina nitam-piadiana ny alatsinainy lasa teo tokony ho tamin'ny 10ora alina. Niditra an-keriny tao amin'ilay trano avy hatrany ireo jiolahy ary norahonany avokoa ireo olona rehetra tao. Rehefa izany dia niroso tamin'ny fandrobàna amin'izay izy ireo ka lasa tamin'izany ny lelavola mitentina Roa tapitrisa Ariary niampy entana lafo vidy maro tao an-trano. Nitsoaka nandositra avy hatrany ireo jiolahy taorian' izany. Nampandre haingana ny mpitandro filaminana anefa ny tompon-trano raha vao lasa ireo ka fotoana fohy taorian'izany dia tonga ny zandary avy ao Behenjy. Nifanena tamin'ireo jiolahy teo am-pitsoahana tao Mandikamanana, fokontany Tsinjony, kaominina Behenjy ireo zandary. Vao nahatazana ireto farany anefa ry zalahy dia vaky nandositra ary nizarazara ny làlany.

**Tafatsoaka ny sasany**

Nanaovana tifi-danitra mba hijanona saingy mbola nanohy ny fitsoahany hatrany. Voatery nitifitra ny zandary ka maty voatifitra ny iray tamin'ireo jiolahy. Nanaraotra nitsoka tanaty haizina kosa ireo namany ary maro tamin'ireo entana nangalariny no nariany fa tsy zakany intsony angamba. Nampiasa alika mpitsongo dia indray ny zandary ka azo sambo-belona ny iray tamin'ireo jiolahy, izay tsy afaka namindra intsony fa voatifitra teo amin'ny fitombenany. Noho ny rà betsaka very taminy anefa dia tsy tana ihany koa ny ainy teny an-dàlana hamonjy hopitaly. Tafatsoaka kosa ireo namany sasany, izay nanaraotra ny andro maizina ka mbola mitohy hatrany ny fikarohana ataon'ny mpitandro filaminana azy ireo amin'izao.

R.C

Tanjombato

# Vehivavy mpivarotra rongony voasambotra

Vehivavy iray 30 taona no voasambotry ny polisy avy ao amin'ny sampan-draharaha miady amin'ny zava-mahadomelina Anosy, teny Tanjombato afakomaly noho ny fivarotana zava- mahadomelina mahery vaika “héroïne”. Nahazo loharanom-baovao mikasika ny fisiana ramatoa iray mivarora rongony eny amin'ny faritra Tanjombato sy ny manodidina iny. Raha vao nandre izany ny polisy dia nandeha nidina ifotony tany amin'ilay toerana ary nametraka vela-pandrika. Tratra mbola teo am-pikirakirana zava- mahadomelina tao amin'ilay trano ilay ramatoa. Ankoatra izay, mbola nahitana fonosana “héroïne” 21 isa mitsinjara anaty fonosana kely tsirairay avy tao aminy. Nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy izy taorian'izay ka nandritra ny famotorana natao azy no nilazany fa eny amin'ny faritra 67ha no hakany sy hividianany ireo zava- mahadomelina amidiny ireo. Natolotra ny fampanoavana omaly ny raharaha.

T.H

Ambatomirahavavy

# Lehilahy nahenoana fofon-toaka hita faty

Lehilahy iray tokony ho 42 taona no hita faty tany amin'ny toerana antsoina hoe Andavabiby fokontany sy kaominina Ambatomirahavavy afakomaly tokony ho tamin'ny 9 ora maraina. Tsy nahitana ratra ivelany na kapoka hita teny amin'ny faritry ny vatany araka ny filazan'ny nanatrimaso ny razana. Hatairana ny an'ny olona raha vao nahita ity vatana mangatsiaka ity. Nitangorona izy ireo nijery ilay razana. Efa nisy nampandre ihany koa ny zandary avy ao tobim-paritra Ambatomirahavavy mikasika ity faty hita ity ka raha vao nandre izany izy ireo dia nandeha nidina nanao fizahana ifotony tany amin'ilay toerana niaraka tamin'ny dokotera avy ao amin'ny CSB-II. Ka tamin'izany no nahalalana fa noho ny fisotroan-toaka be loatra no nitarika ny fahafatesany.

*Tsy hita mihitsy anefa izay toerana nandehanany ka dia izao ny fatiny izao sisa no novantanin'ireto farany.*

**Misotro toaka**

Araka ny fantatra dia mbola nahenoana fofon-toaka rahateo izy nandritra ny fizahana nataon'ireo tomponandraikitra ireo. Araka ny fanazavana azo dia nilaza ny fianakaviany fa misotro toaka isan'andro ity lehilahy ity ary tsy misakafo. Fantatra ihany koa fa mamo tampona izy ny alatsinainy hariva talohan'ny nahafatesany. Tsy nody tany an-tranony intsony izy avy eo ka efa nitaintaina ny fianakaviany. Tsy hita mihitsy anefa izay toerana nandehanany ka dia izao ny fatiny izao sisa no novantanin'ireto farany. Araka ny fantatra hatrany dia mipetraka any Ambodranomanga eny Ambatomirahavavy ity lehilahy maty ity. Taorian'ny fizahana rehetra tokony natao dia efa natolotra ny fianakaviany ny razana.

T.H

Antsirabe

# Mpangalatra tratra saika matin'ny fokonolona

Niditra an-keriny tao amin'ny tokantrano iray ao amin'ny kaominina Ambohidranandriana, distrikan'Antsirabe II ity lehilahy iray ity ny alatsinainy lasa teo tokony ho tamin'ny 4ora maraina. Niantso vonjy avy hatrany anefa ny tompon-trano raha vao nahita ity jiolahy ity tafiditra tao an-tranony. Vetivety dia vory ny fokonolona raha nandre izany. Nitady làlana nitsoahana haingana ilay jiolahy fa nifanenjehan'ny fokonolona ary tsy namelan'izy ireo raha tsy voasambotra. Tsy nisy resaka fa tonga dia nataon'ny olona fitsaràm-bahoaka avy hatrany ka naratra mafy vokatr'izany. Raha nisy kely foana aza dia saika nanaraka hatramin'ny ainy mihitsy. Tsy mbola nisy moa ny zavatra lasany tamin'io vao teo ampanaovana ny asa ratsiny indrindra izy no raikitra ny sakoroka. Tonga tany an-toerana avy hatrany moa ny mpitandro filaminana naka azy raha vao nandre ny zava-nitranga. Raha ny fanazavàn'ny mponina dia efa malaza amin'ny hala-botry sy ny vaky trano ao an-toerana ity jiolahy ity. Maro no efa nataony lasibatra tamin'izany saingy tamin'ity izy vao tratra.

R.C

MANAL'AZY DE MI'MEME



APMF

# Hametraka seranan-tsambo ao Vatovavy sy Fitovinany

*Vinavinaina ho amin'ity taona ity ny zotra andrana an-tsambo voalohany ho atao.*



Tale jeneralin'ny APMF , Andriamatoa Jean Edmond Randrianantenaina, nidina ifotony nijery ny fizotry ny asa.

Nanomboka ny taona 2019 no niroso tamin'ny fanatsarana hahafahana mampandeha ara-dalàna ny lafin'ny fitaterana an-dranomamy sy an-dranomasina ny Ministeran'ny Fitaterana sy ny Fizahantany ary ny Famantarana ny toetrandro, amin' ny alalan'ny "*Agence Portuaire, Maritime Et Fluviale*" (APMF). Tetikasa roa anisan'ny himasoana ankehitriny ny fametrahana ny seranan-tsambo ao Manakara sy Mananjary. Natao tanjona ny hamelona indray ny sehatry ny toe-karena, ka samy hisitraka loharanombola tandrify azy na ny Fanjakana na ny mponina. Ho mora araka izany ny fivezivezen'ny entana, ny vokatra ary hizotra araka ny tokony ho izy ny sehatry ny fizahantany. Ireo rehetra ireo dia tombontsoa ho an'ny faritra vatovavy, fitovinany, atsinanana ary atsimo atsinanana. Hivelatra kokoa ny fiharianan'ny mponina izay mivelona amin'ny lakandranon'ny Pangalana, indrindra fa raha voatrandraka tsara ny ranomasina.

**Fanilon-tsambo**

Ho an'ny Manakara manokana ohatra dia efa mipetraka ny seranan-tsambo vaovao. « *Ny taona 2022 no nanatanteraka io asa io ny Ministeran'ny Fitaterana sy ny Fizahantany ary ny Famantarana ny toetrandro, tamin'ny alalan'ny "APMF". Voalohany natao dia ny fijerena ny halalin' ny rano idirana ao amin' ilay seranana. Novelomina indray taorin'izay ny tilikambo fanilon-tsambo (phare) sy ny Fiakarana andranomasina (Balisage maritime) eto Manakara. Izany hoe tsy maintsy arahana ny tondrojotra ho an'ny sambo afahahany miditra ao amin'ny seranana. Ny taona 2023 indray dia napetraka ny fotodrafitrasa an-tanety eo Ampilao. Ny amin'ny taona 2024 kosa dia ho jerena ny fidirana ny seranan-tsambo teo aloha ary hasiana fefy sy vavahady miditra ao. Vita izay dia afaka manomboka hiasa ny seranana Manakara. Izany hoe amin'ny toetr' andro tsara dia hiasa eo amin'ny seranana vao namboarina ary amin'ny toetr' andro ratsy kosa dia ampiasaina ny seranana taloha. Tanjona ny hamerenana ny fihariana an-dranomasina eto amin'ity seranana eto Manakara ity. Hamohana ny vokatra, ireo entana izay ilaina, toy ny "PPN", solika* : hoy fanazavan'andriamatoa Jean Edmond Randrianantenaina, Tale jeneralin' ny "APMF" nandritra ny fitsidihana nataony nijery ny fizotry ny asa fanamboarana ny seranana ao Manakara.

**Voatrandraka tsara**

Tsara ho marihina fa mizotra ihany koa ny asa ho fametrahana seranan-tsambo ao Mananjary. Vinavinaina ho amin'ity taona ity ny zotra andrana an-tsambo voalohany hatao. Tsara ny mampatsiahy fa efa nisy tamin'ny andron'ny repoblika voalohany sy ny repoblika faharoa ny seranana tao amin'ny tanànan'Antambahoaka ity. Izany hoe tsy niantehatra tamin'ny fitaterana an-tanety ny mponina tamin'izany satria tody aradalàna tao andrenivohitry ny faritra Vatovavy ny entana izay nilainy. Haverina amin' ny laoniny indray izany amin'ny alàlan'izao tetikasan'ny APMF izao hatrany. Efa novakiana ny vinany mba hahafahana mampiditra ny sambo ao antoerana. Inoana araka izany fa hitondra fampandrosoana amin'ny lafin'ny toekarena ao Vatovavy ity tetikasa ity ary hisy fiantraikany amin'ny fiainam-bahoaka ny fahavitan'ny seranan-tsambo vaovao. Ankoatra ny fananana ranomasina dia manana ny lakandranon'ny Pangalana ireo faritra voalaza etsy ambony ireo. Maro ny vokatra an-dranomamy sy andranomasina mivezivezy saingy ny famoahana izany no mila ezahina mafy, hahafahan'ny mponina miasa tsara ary hampivoatra ny fivelomany. Tombony lehibe ihany koa raha voatrandraka tsara ny lakandranon'ny Pangalana ka tsy voatery hampiasa ny fitanterana eny an-tanety ihany ireo mpandraharaha fa miondrana an-dakana eny Pangalana ihany izy ireo dia afaka mitatitra entana na ny mpandeha,. Izany ihany koa dia hahatonga ny fifandraisan'ireo faritra ireo.

**Deyland**

Morondava

# Rongony milanja 82,9 kilao saron'ny zandary

Lehilahy roa mpivarotra sy mpamatsy rongony ao Morondava no trà-tehaky ny zandary ny Alatsinainy lasa teo. Fanomezam-baovao avy amin'ny olona tsara sitra-po no nahafahana nisambotra azy ireo. Nandritra ny fisavàna nataon'ny zandary no nahatratrarana rongony milanja 82,9kilao tao an-tranon'izy ireo. Raha ny fanazavàna azo hatrany dia ry zalahy ireto no tena anisan'ny mpanaparitaka zava-mahadomelina ao Morondava sy ny manodidina. Tsy mbola fantatra mazava kosa anefa ny tena fiavian'ireo rongony amidin'izy ireo. Efa eo am-pelatanan'ny mpitandro filaminana moa ny raharaha amin'izao ka mandeha ny fanadihadiana. Mitohy hatrany kosa ny hetsika ataon'ny mpitandro filaminana entina hamongorana ity zava-mahadomelina ity, izay anisan'ny antony iray mampirongatra ny tsy fandriam-pahalemana. Maro ihany koa ireo tanora lasa mirona amin'ny fidorohana izany.

**R.C**




Ireo rongony tratra !

Fivadiham-pitokisana

# Vehivavy teratany Frantsay iray karohina

Karohin'ny zandary fatratra amin'izao ity vehivavy teratany Frantsay iray ity, izay voalaza Talen-tsekoly iray eto Andrenivohitra. Raha ny fanazavàna azo dia noho ny raharaha fivadiham-pitokisana nataony no antony hikarohana sy hanenjehana azy. Tsy hita mihitsy moa ny nanjavonany ka mitohy ny fikarohana azy. Julie Michelle Suzanne Annie Deveaux no anarany ary teny amin'ny Villa le Baladin Ambodirano- Ivato no adiresiny farany. Koa iangaviana, izay mahita na mahalala ny toerana hiafenany na izay olona mampiantrano azy na ihany koa ireo manam-baovao momba ity vazaha ity mba hampandre ny zandary eny amin'ny Toby Ratsimandrava na hiantso ny laharana 0341400623. Ankoatr'io dia vehivavy iray hafa fantatra amin'ny anarany hoe Raharijoelina Lantoniaina Minoarisoa ihany koa no karohin'ny zandary noho ny resaka fisolokiana. Teny Andoharanofotsy no adiresiny farany. Koa iangaviana ihany koa izay rehetra manam-baovao momba azy na mahita ny toerana hiafenany mba hampandre na hiantso ny zandary amin'ny laharana 0341401299.

**R.C**








Ireo olona karohina !

Ampasapito

# Lehilahy nahatratrarana môtô halatra, nidoboka am-ponja



Ilay lehilahy sy ilay môtô nangalarina.

Lehilahy iray no saron'ny polisy niaraka tamin'ny môtô halatra teny Ampasapito ny zoma lasa teo. Iny izy nanosika ilay môtô teny an-toerana iny no tsikaritry ny mpitandro filaminana nanao ny asany teny amin'ny manodidina. Tsy nanao aro loha izy tamin'io no sady tsemboka be. Narahi-maso izy ary farany moa dia nanatonan'ny polisy mihitsy ka nosavaina avy hatrany. Tamin'io fotoana io no nahalalana fa tsy an-dralehilahy velively ilay môtô tratra teny aminy io fa môtô avy nangalarina. Nosamborina avy hatrany izy taorian'izay ary nentina nankany amin'ny biraon'ny kaomisarian'ny polisy eny Antaninandro. Notanana tany izy ary natao famotorana. Nandritra izany no nahalalana fa efa mpamerin-keloka amin'ity resaka fangalarana môtô ity ralehilahy. Fantatra mantsy fa tamin'ny taona 2022 izy no efa tratra nangalatra môtô. Taorian'ny famotorana teo anivon'ny mpitandro filaminana dia niakatra fampanoavana teny Anosy ny raharaha ka naditra amponja vonjimaika eny Antanimora ity lehilahy voasambotra ity mandrapahatonga ny fotoam-pitsarana azy.

**T.H**

Miharihary fa tsy misy antoko mantanjaka intsony eto

# Hany ka miantsampy amin'ny vovonan'antoko na ny mpitondra na ny mpanohitra






Ny mpitondra sy ny mpanohitra, miaraka amin'ny vovonan'antoko misy azy ireo avy.

Roa volana sy tapany eo ho eo mialoha ny fifidianana solombavambahoaka, tsikaritra ho samy seriny mitady ny fomba rehetra hahazoana maro an'isa, eny amin'ny Antenimierampirenena ny mpitondra sy ny mpanohitra. Tsy vitan'izany fa tsikaritra ho mifampatahotra sady tsy matoky tena ny andaniny sy ny ankilany. Hany ka samy tsy misy tehampahafantatra mialoha ny paipaika madio na masiso, heveriny hahatongavana amin'ny fandresena. N'inon' inona anefa ny votoatin'izay paipaika izay dia ny antoko mpanohana ny fitondrana hatrany no mahazo tombony. Andro vitsivitsy lasa izay dia efa samy nampahafantatra ny antoko na fikambanana hanohana azy ny mpifaninana. Ny avy amin'ny fianakaviamben'ny mpanohitra izay tsiahivina fa nizara roa ny vondron'ny kandidà 11, niatrika ny fifidianana filohan'ny Repoblika ary samy mandeha samy mitady ny Kôlektifan'ny Malagasy sy ny Vovonana Firaisankina. Ny mpomba ny fanjakana ihany koa vao omaly no omaly no nampahafantatra ny antoko sy ny fikambanana manohana azy, amin'ny fifidianana, rehefa nandrasana efa fotoana elaela izany. Ny azo tsoahina aloha hatreto dia miharihary fa tsy misy antoko pôlitika matanjaka intsony eto Madagasikara. Hany ka samy miantsampy amin'ny platefôrma na ny mpanohitra na ny mpitondra.

**Tsy mahagaga raha tsy mandroso ny firenena !**

Mikasika ny vovonana ivondronan'ny mpanohitra dia terena hitovy fotsiny ny tadin-dokanga eo amin'ny TIM ; HVM ; Pro-Siteny ; Tsara Tahafina ; APM na dia samy manana ny fototra niaingany sy ny fotokevitra ijoroany ary ny tanjony aza ny tsirairay. Ny ampahan'ny mpanohitra ahitana ny antoko Malagasy Tonga Saina ; Malagasy Miara-Miainga ; Tia Tanindrazana ; ny Fahefa-mividy ho an'ny Malagasy ary ny Anjomara Rivo-baovao. Toy izany koa ny mpanohana ny mpitondra izay mila ny fanohanan' ny antoko hafa toy ny ADN; ny AKFM Fanavaozana; ny AVANA ; AVI. FREEDOM ; GFFM. Hiaraka Isika ; Liaraike ; Leader Fanilo ; MDM ; RPSD…Manoloana izany dia mampametrapanontaniana ny hoe : Aiza ho aiza amin'izao fotoana izao ny tanjaky ny TGV, antokon'ny mpitondra izay nahalany ny filoham-pirenena nandritra ny fifidianana efa indroa izay ? Aiza ho aiza ihany koa ny tanjaky ny TIM sy ny HVM izay samy efa nitantana fanjakana teto ? Ny andraikitry ny antoko pôlitika izay tsiahivina fa manabe sy mitaiza ny olompirenena hivelatra sy hahatongavana amin'ny fampandrosoana. Ankehitriny anefa toa zary lasa fitaovana ahazoana toerana sy itazonana fahefana fotsiny izy ireny. Dia ho gaga ve isika raha izao no toerana misy ny firenentsika ?

V.R.

Depiote Todisoa Andriamampandry

# Nahavita làlana an-jatony metatra teny Anosivavaka



Tahaka izao ny kalitaon'ny làlana namboarin'ny Depiote Todisoa teny Anosivavaka.

Mitohy ny ezaka ataon'ny depiote Todisoa Andriamampandry anamboarana ny làlana simba mampitaraina ny mponina eny amin'ny boriboritany faha-6. Taorian'ny teny Ankazomanga dia vita tamin'ity herinandro ity ihany koa ny làlana nangatahan'ny mponina eny Anosivavaka. Nidina ifotony nijery ny zava-bita teny an-toerana ity olomboafidy TIM ity ka nandritra izany no nilazany fa na dia tsy asan'ny solombavambahoaka aza ny manamboatra fotodrafitrasa tahaka izao dia noraisiny adidy, amin'ny maha olom-pirenena azy ihany ny fanaovana izany satria mijaly loatra ny vahoaka madinika. Samy nahatsikaritra ny rehetra tamin'izany fa nanaraka ny fenitra takian'ny fanaboaran-dalana no natao teo amin'io fotodrafitrasa io, eny Anosivavaka io mialoha ny nametrahana "béton" teo ambonin'izany. Hafaliana no nandraisan'ny mponina teny Anosivavaka izany fotodrafitrasa izany sady nampahatsiahy ny zava-misy niainany an-taonany maro noho ny faharatsian'io làlana io izy ireo. "*Tsy hita intsony izay azo ilazana azy rehefa fahavaratra ny andro, satria ankoatra ny lalan-dratsy dia miditra any an-tranon'ireo olona manodidina ny ranom-potaka sy ny karazany. Tapaka sy tsy azo andehanana mihitsy aza iny lalana iny rehefa tena mirotsaka ny orana ary tsy resahina intsony ny fanararaotan'ny mpanendaka*", hoy izy ireo tamin' izany. Farany, nanentana ny mponina mba hikojakoja izany fotodrafitrasa vaovao izany ny depiote Todisoa Andriamampandry ary nampanantena fa hitohy any amin'ny fokotany hafa ny fanamboarana.

## Marina izany !

### Mila vahaolana maika !

**Mety hisy fiantraikany amin'ny famatsiana solika manerana ny Nosy ve ny fitokonana ataon'ny mpitatitra solika, any Toamasina? Io no fanontaniana manitikitika ny saina, taorian'ny fahafantarana fa na niditra antsehatra nanelanelana ny savorovoro tao amin'ny tobimpanadiovana solika aza ny tompon'andraikitra ao amin'ny OMH (Office Malgache des Hydrocarbures) dia tsy mbola nanaiky nanohy ny asany ny mpitatitra solika. Fepetra takian'ny mpitokony ny hamoahana ireo namany voasambotry y mpitandro filaminana, noho ny antony mbola manjavozavo aloha hatreto. Mipetraka ny ahiahy satria iarahan'ny rehetra mahalala fa miainga any Toamasina avokoa ny famatsiana solika manerana an'i Madagasikara ka rehefa tsy miakatra ny any an-toerana dia tsy maintsy hisy fiantraikany amin'ny fampandehanan'asa sy ny fiainana andavanandron'ny orinasa sy ny mponina, amin'ny ankapobeny izany. Antony anairana ny sain'ny tompon'andraikitra mahefa fa mila vahaolana maika ny zava-misy any Toamasina. Araka ny efa nomarihina etsy ambony dia ny famoahana ireo mpitatitra maherin'ny folo nosamborina izany no fepetra takian'ny namany, alohan'ny hiverenan'izy ireo miasa. Heverina fa mila fifampiresahana sy fanadihadiana lalina sy tsy mitanila ny zava-nitranga, mba ahafantarana ny hoe: Inona no antony niteraka ny fisamborana? Nisy fandikan-dalàna voamarina ve? Nisy fanaparampahefana ve nataon'ny mpitandro filaminana teo ampanatanterahana ny asany? Heverina fa fotoana izao hihazakazahana handinihana ny olana, dieny mbola tsy lasa lavitra ny fiantraikan'ny fitokonana ka hanano sarotra ny famahana azy !**

Voahangy Rakotozafy

Paul Bert Rahasimanana-Brunelle Razafitsiandraofa

# Samy efa vonona hifaninana amin'ny fifidianana solombavambahoaka

Tsy anisan'ireo mpanao pôlitika tazana teny amin'ny ARENA, foiben'ny antoko mpanohana ny mpitondra, ny depiote am-perinasa Paul Bert Rahasimanana sy Jean Brunelle Razafitsiandraofa na dia samy voafidy tamin'ny lisitra IRD aza, nandritra ny fifidianana solombavambahoaka farany teo. Araka nambaran'izy ireo anefa dia samy efa vonona ny hifanianana, amin'ny 29 mey izy ireo. Ny depiote Rossy izay nanamarika, nandritra ny resaka manokana nifanaovana taminy fa noho ny fangatahan'ny maro dia mbola ho kandidà, eny amin'ny boriborintany fahefatra. Ny fanontaniana mbola tsy voavaly izany hatreto dia ny hoe : Handeha amin'ny anarany manokana ve ny depiote Rahasimanana Paul Bert sa hirotsaka amin'ny anaran'ireo vondron'antoko efa nampahafantatra fa hanolotra kandidà na avy amin'ny mpanohitra ny fitondrana na avy amin'ny mpanohana? Mahakasika ny depiote Jean Brunelle Razafitsiandraofa manokana dia nanamafy ny fahavononany hirotsaka hofidiana, any amin'ny distrikan'Ikongo, na ho amin'ny anarany manokana ihany koa na amin'ny anaran'ny vondron'antoko hafa.

V.R.





Ny depiote Brunelle Razafitsiandraofa sy Paul Bert R.

Toe-draharaham-pirenena

# Hamory ireo hery politika ny vovonana PAN-FFKM

Antomotra ny datin'ny fifidianana solombavambahoaka, samy milaza ny ahiahiany sy ny tranga rehetra azo heverina fa tsy hampadio sy hampangarahara ny fifidianana ireo efa nitonona ho kandidà sy ny mpomba azy. Ao ny miahiahy sao hisy ny halabato. Ny olon-tsotra moa, rehefa tarafina amin'ny zava-misy eny anivon'ny fiarahamonina eny dia toa tsy rototra amin'izany fa variana mitady ny iray lovia isan'andro. Amin'ireo miahiahy, dia misy ny manahy sao hitongilana amin'ny kandidà izatsy na izaroa ireo tompon'andraikitra samihafa voakasiky ny fikirakirana ny fifidianana, mialoha, mandritra na aorian'ny latsa-bato. Ny manahirana, takon'ny izay resaka pôlitika sy fifidianana izay ny fahasahiranambahoaka ary tsy misy afatsy ireo ary mihodinkodina amin'ireo ny resaka mandeha etsy sy eroa. Eo anatrehan'izany rehetra izany, nanapa-kevitra ny teo anivon' ny Vovonana PAN-FFKM fa hampifanatrika ireo herivelona rehetra eto amin'ny firenena, indrindra ireo hery mpifanadrina ara-politika, eny Tsimbazaza indray izy ireo amin'ny sabotsy izao.


Ireo mpitarika ny Vovonana PAN-FFKM.

**Hisorohana ny disadida**

Tanjona amin'izany, araka ny fanazavana, ny mba hisorohana ny disadisa ara-politika sy mba hahafahantsika manantanteraka ny fifidianana ao anatin'ny filaminana sy fanarahandàlana. Etsy andanin'izany, notsipihan'ireo mpikarakara fa tsy hijanona amin'ny resaka politika ihany ity hetsika karakarain'ny Vovonana PAN-FFKM eny Tsimbazaza ity fa ho tafiditra ao anatin'izany ihany koa ny firesahana sy fitadiavambahaolana miaraka amin' ireo olana ara-tsosialy sy ny toekarena mampikaikaika ny ankamaroan'ny sarambabem-bahoaka ankehitriny. Hatao vaindohandraharaha mandritra izany, hoy hatrany ny fanazavana ny famaritana paikady hiatrehana ny vidin'entana ilaina andavanandro tsy mitsahatra miakatra, ny olan'ny jiro sy ny rano, ny fahantrana efa lasa mahazatra, eo koa ny sandambola malagasy tsy mitsahamitotongana. Andrasana araka izany izay ho fehinkevitra hivoaka amin'io fotoana io ary andrandraina mba hisy fiantraikany amin' ny andavanandron'ny mponina fa tsy ho toy ireo fikaonan-doha sy fifanakalozan-kevitra maro samihafa nandaniana andro sy vola nisy hatramin'izay fotsiny.


**Mamy R.**

Filoha Andry Rajoelina

# Nanamafy ny fiaraha-miasa amin'i Shina sy Aostralia

Nandray ny taratasy nanendrena an' Atoa Ji Ping ho masoivoho vaovaon'i Shina hiasa sy honina eto amintsika ny Filoha Andry Rajoelina teny Iavoloha omaly. Taorian'izany ihany koa no nandraisany an-dRtoa Kate Chamley ho Ambasadaoroan'i Aostralia hiasa eto amintsika teny an-toerana. Nivohitra tamin'ny fandraisan'ny Filohan'ny Repoblika ireto masoivohom-pirenena vahiny ireto ny fanamafisana ny fiaraha-miasa amin'ireo firenena avy any ivelany. "Tsy maintsy mivelatra hatrany isika amin' ireo firenena any ivelany mba hahafahantsika manatanteraka ireo vinam-pampandrosoana an'i Madagasikara", hoy ny Filoha Andry Rajoelina. Nambarany ihany koa fa hiaraka hiasa amintsika eo amin'ny sehatry ny fambolena, ny angovo sy ny fanamboaran-dalana ary manohana ny politikam-panjakana izay napetrantsika ity masoivoho Sinoa vaovao ity. Raha tsiahivina efa maherin'ny 50 taona no niara-niombon'antoka tamin'ireo tetikasam-pampandrosoana an'i Madagasikara ny firenena Sinoa ary niroborobo hatrany izany tao anatin'izay dimy taona farany teo izay. Ho an'i Aostralia dia manana laharam-pahamehana iombonana ny firenena roa tonta indrindra eo amin'ny lafiny fiarovana an-dranomasina, ny fampiroboroboana ny toekarena manga sy ny ady amin'ny fiovaovan'ny toetrandro. Nankasitrahan'ity Masoivoho vaovao ity manokana ny fanoloran-tenan'ny Filoham-pirenena eo amin'ny sehatry fampiofanana arak'asa sy ny fanabeazana izay antoky ny antoky ny fampandrosoana ny mponina. Hamafisina araka izany ihany koa ny fiaraha-miasa eo amin'ny fifanakalozana traikefa eo amin'ny fampiofanana arak'asa sy ny fanomezana vatsim-pianarana makany Australie.

**JUDD**


Noraisin'ny Filoha Andry Rajoelina teny Iavoloha ny taratasy manendry ny Masoivohon'i Shina vaovao eto amintsika.

Jly Richard Ravalomanana -Filohan'ny Senat

# "Tokony tsy haneho fankahalana be fahatany ny Frantsay isika"

Nomarihana tamin'ny fomba ofisialy tao amin'ny Ministeran'ny Raharaham-bahiny Anosy omaly ny andro iraisam-pirenena ho an'ny Frankofonia. Ankoatra ireo dipomaty vahiny miasa sy monina eto amintsika dia tazana nanatrika izany ihany koa ny Jly Richard Ravalomanana, Filohan'ny Antenimierandoholona. Nisy ny tafa fohy niarahan'io Filohan'Andrimpanjakana io tamin'ny mpanao gazety taorian'izany, izay nitondrany hafatra ho an'ireo Malagasy mankahala Frantsay. *"Tokony tsy haneho fankahalana be fahatany ny Frantsay isika. Ilaina ny misokatra sy miara-miasa amin'ny firenena hafa, mba hisian'ny fivoarana. Jereo izao fa tsy afaka hampiasa ny teny Malagasy any Ivelany mihitsy isika fa mbola ny tenin-dry zareo Frantsay ihany, izay teny vahiny be mpampiasa indrindra eto Madagasikara no ampiasaintsika. Tsy voatery ho endrika fanjanahana vaovao, araka ny ahely etsy sy eroa izany fa fiarahamiasa araka ny tokony ho izy*", hoy ny Jly Richard Ravalomanana tamin'izany.

**Mamy R.**


Nanatrika ny fanamarihana ny andron'ny Frankofonia teny Anosy omaly ny Jly Richard Ravalomanana.


**PRIERE MIRACULEUSE**



Doux cœur de Jésus, auparavant, je t'ai toujours demandé plusieurs faveurs. Cette fois-ci, je t'en demande UNE très spéciale (...) Prends-la doux cœur de Jésus et place-la dans ton cœur transpercé où ton Père la voit.
Ainsi sous ses yeux miséricordieux, elle deviendra ta faveur et non la mienne. Amen ! Dites cette prière 3 fois/jour et pendant 3 jours et votre prière sera exaucée miraculeusement.
N'oubliez pas de remercier Jésus avec promesse de publication.
Remerciements au doux cœur de Jésus pour faveur obtenue.

GCL 780/2-1 21/03/24 R.Yvette



**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*


Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Tsarahonenana

# Nakaton'ny fanjakana ny Fiangonana Jesosy Mamonjy

*"Mbola afaka nanao fanompoam-pivavahana maraina izahay saingy vao vita iny, izany hoe tamin'ny 6 ora sy sasany maraina teo, tonga tety an-toerana ny solontenam-panjakana izay notarihin'ny lefitry ny prefen' Antananarivo sy mpitandro ny filaminana marobe nanidy ny fiangonana Jesosy Mamonjy eto Tsarahonenana, Tana V. Efa nisy nanatitra taratasy ihany tety aminay ny alarobia saingy tsy nisy tomponandraikitra afaka nandray tato antoerana. Nirongo fitaovana toy ny "groupe" sy kojakoja hahafahana manidy ireo varavarana 5 amin'ny "soudure" izy ireo miampy tovolahy maromaro. Hatramin'ny jiro notapahin'izy ireo. Tsy nisy na inona na inona azonay atao ankoatran'ny namoaka ireo entana."* hoy ny solontenan'ireo mpivavaka tafaresaka taminay. Tsy vao tamin'ity no nitranga ny fanakatonana fiangonana toy izao fa efa nitranga ary nosokafana herintaona taty aoriana dia izao nisy olana izao indray. *"Nitadiavan'izy ireo fomba vaovao indray hanakatonana ny fiangonana. Ry zareo ao Ankorondrano ihany no fositra satria tsy manaraka ny tian'izy ireo atao izahay dia izao nitondrana herim-pamoretana izao indray. Raha tsy misokatra ao anatin'ny 72 ora ny fiangonana dia ho eny Ankorondrano izahay mpino ka tsy hanaiky na hisy inona na hisy inona."* hoy hatrany ny fanazavana. Ao amin'ilay taratasy napetrak'ireo tomponandraiki-panjakana nanidy rojovy ny vavahady kosa milaza fa vonjimaika ihany izao fanakatonana ny fiangonana izao ary tsy mbola fantatra ny fotoana mety hisokafany indray. Efa tamin'ny 22 febroary 2024 moa no navoaka ny taratasy milaza ny fanakatonana ny fiangonana ary napetraka eo amin'ny varavaran'ny fiangonana izany ary manankery avy hatrany aorian'ny fanaparitahana azy. Marihina fa tsy eny Tsarahonenana ihany no misedra olana ity Fiangonana Jesosy Mamonjy ity raha ny fitantaran'ny mpino iray taminay.



Nakatona tamin'ny rojovy sy " soudure " ny varavaran'ny fiangonana Jesosy Mamonjy teny Tsarahonenana.

**Nath**

Star Tour Antsirabe

# Hanafana ny fotoana i Samoela, Ambondrona, Wendy Cathalina, Oladad, Johane



Ireo tomponandraikitra manazava ny fizotry ny Star Tour.

Ambohipihaonan'ny mpianakavy ny fetin'ny paska any Antsirabe isan-taona. Raha efatra andro no mahazatra amin'ny Star Tour izay fanao any Antsirabe, lasa telo andro izany amin'ity taona ity. Mifanindry amin'ny 29 martsa mantsy ny fotoana ka nisafidy ny Star fa tsy hisy hetsika mihitsy, eny hatramin'ny fametrahana ireo tranoheva aza najanona tanteraka amin'io fotoana io. Hanomboka ny sabotsy 30 martsa hatramin' ny 1 aprily 2024 noho izany ny Star Tour Antsirabe ka hisantatra ny fotoana manomboka ny sabotsy amin'ny 2 ora ny fanentanana iarahana amin'ny Fou Hehy sy Barhone ary Teg. Ny hariva kosa, ny tarika Ambondrona sy Wendy Cathalina no hanafana ny fotoana. Ny Alahady kosa i Samoela sy Johane ary ny alatsinain'ny Paska ny tarika Oladad. Mandritra ny alina kosa, hanafana ny fotoana amin' ny rehetra ny DJ. Mazava ho azy fa misy ny kilalao maro karazana hahazoana goodies avy amin'ny Star. Ireo no fampisehoana hita eo amin'ny lampihazo lehibe fa misy ihany koa anefa ny "espace pression" izay ho hita ary afaka anjifana ny vokatra Star rehetra eo anoloan'ny Imperial. Hisy ny fifaninanana "duo cover" natokana ho an'ireo tarika vao misondrotra. Tsy ho diso anjara amin'ny fanandramana ireo vokatra vaovaon'ny Star toy ny Racines. Samy hahazo ny tandrify azy daholo ny rehetra ka hisy ny "tombola" hahazoana labiera mitovy habetsaka amin'ny lanjan'izay tsara vintana voasarika

**RSE**

Mialoha ny Star Tour anefa, hitondra ny anjara birikiny ho fanohanana ny sosialy any an-toerana ny Star amin'ny maha orinasa tomponandraikitra azy. Nosafidiana manokana ny hopitaly Eva Maria amin'ity taona ity ka hanolotra "concentrateur d'oxygène" miampy kojakoja fiterahana ny ekipan'ny Star. Hisy ihany koa ny fiaraha-miasa vaovao amin' ny tobin-tsolika iray eny an-toerana hametrahana dabam-pako "kopakelatra" mba hahafahana manangona tavoahangy plastika efa niasa. Ho fikajiana ny fahadiovan'ny tanànan' Antsirabe, isan'andro aorian' ny hetsika dia ho diovina foana ny toerana. Amin'ny talata maraina kosa, hisy ny fiaraha-miasa amin'ny kaominina amin'ny fampiasana fiara vaventy manondraka rano ny toerana rehetra. Madio ny toerana nidirana dia tsy maintsy madio ihany koa izany rehefa miala eo. Tsy natao ambanin-javatra ihany koa ny lafiny fandriampahalemana toy ny isantaona miara-miasa amin'ny mpitandro ny filaminana sy sivily maro ny Star.

**Nath**

Andro iraisam-pirenena ho an'ny ala

# Hanara-maso ireo zanakazo rehetra nambolena ny MEDD

Ankalazaina ny 21 martsa ny andro iraisam-pirenena ho an'ny ala ary hanamarika izany isika eto Madagasikara. Eto amintsika, mbola betsaka ny tsindry mahazo ny ala ka anisan'ny goavana indrindra ny fitrandrahana azy io tsy ara-drariny. Amin'Ha isan-taona ihany koa ny ala sy hazo tapaka ary ny doro ala tsy lazaina intsony. Ny tena olana anefa, misy isan-taona ny hetsika sy fanentanana amin'ny fambolena hazo saingy tsy mahomby ny ankamaroan'izy ireny fa matimaty ho azy noho ny tsy fisian'ny fanaraha-maso. Izany indrindra no nahatonga ny minisiteran'ny tontolo iainana sy fandrosoana hanova ny fomba fanamarihana ny andro iraisampirenena ho an'ny ala amin' ity taona ity. Hanombohana amin'ny fomba ofisialy ny fikolokoloana ny fambolenkazo manerana ny Nosy izy. Hifamotoana eny Tana-Masoandro – Imerintsiatosika ary isika ny alakamisy 21 martsa, hanara-maso ireo zanakazo novolentsika niaraka tamin'ny Filohan'ny Repoblika. Asaina ihany koa isika rehetra tsy ankanavaka hiara-hientana hiverina eny amin'ireo toerana nambolentsika hazo, hikolokolo, hanondraka ary hanao aro afo, hampahomby ny ezaha niarahantsika nanao. Mila arovana ny ala, indrindra ny faritra arovana izay manomboka hidiran'ny olona sy miharingana tanteraka. Tokony hampiana ihany koa ny mpanara-maso ny ala satria iankinan'ny fiainan'ny olona maro ny ala izay miaro ny tany tsy ho kaohin'ny riaka no sady manome rivotra madio ary mitondra rano hampiasain'ny mponina.

**Nath**


Marobe ny tsindry mahazo ny ala eto amintsika.

Mpitatitra solika ao Toamasina

# Nanome 72 ora hamoahana ireo namany nosamborina

*Mbola tsy nahita marimaritra iraisana. Mitohy ny fifampidinihana.*

Mafampana ny toe-draharaha ao Toamasina. Taorian'ny fisamborana olona 11, mpamily sy mpiasan'ny tobim-panadiovana solika tamin'ny alatsinainy hariva lasa teo, nanapa-kevitra ireo mpitondra kamiao mpitatitra solika any antoerana fa hampiato ny asany mandra-pisian'ny vahaolana, ary nanome 72 ora nanomboka omaly ho an'ny fanjakana hamoahana ireo namany. Naaton'izy ireo avokoa araka izany ny fitaterana solika miainga ao amin'ny renivohitry ny faritra Atsinanana mihazo ny lalam-pirenena faharoa (RN2) sy ny lalam-pirenena fahadimy (RN5). Ny fitaterana ny solika ampiasain'ny JIRAMA no sisa ataon'izy ireo. Niantso ireo namany manerana ny Nosy koa izy ireo mba haneho firaisankina. Tsiahivina fa raharaha halatra solika teo anivon'ny tobim-panadiovana solika ao Toamasina nandritra ny fampidinana solika tamin' ireo kamiao mpitondra solika no nisamborana ireo olona voalaza etsy ambony. *"Amin'ny maha Raiamandreny anay dia miezaka hatrany izahay mandamina sy mamaha olana. Tsy mbola nisy aloha ny marimaritra iraisana eo amin'ny andaniny sy ny ankilany. Takiana ny hamoahana ireo olona nosamborina ireo. Amin'ny fomba ahoana moa no ilazana fa nihoatra ny solika nampidirina tamin' ireo kamiao mpitondra solika voakasika kanefa misy kaontera miasa araka ny tokony ho izy. Fanampin' izany, mbola nisy ny fikasihan-tanana natao tamin'ireo mpamily."*, hoy ny filohan'ny SCPM (Syndicat des Conducteurs Professionnels de Madagascar). Raha ny fanampim-baovao azonay koa dia nisy dinika an-databatra boribory mikasika ity raharaha ity teto Antananarivo omaly, izay niarahan' ireo fikambanana sy orinasa voakasika niaraka tamin'ny solontenam-panjakana.




**Ahiana hiantraika aty amin'ny vahoaka tsy mandady harona ity fitokonan'ny mpitatitra solika ity. (Tahirintsary)**

**R. Muray**

PDS-n'Antananarivo

# Nifanatrika tamin'ireo mpanolotsaina monisipaly

Nanomboka omaly ny fivoriana tsy ara-potoana iarahan'ireo mpanolontsainan' ny kaominina Antananarivo Renivohitra. Nandritra ny lanonam-panokafana tao amin'ny Lapan'ny tanàna no nihaonan'ny PDS Ramanambitana Richard voalohany tamin'ireo mpanolontsaina. Nohararaotin' ireto farany ny famoaboasana ireo raharaha manahirana eo anivon'ny kaominina ankehitriny. Noresahan' ny mpanolontsaina Clémence Raharinirina ohatra ny lafiny karama mampitraina ny mpiasan'ny kaominina, indrindra fa ny an'ny SMA (Société Municipale d'Assainissement), sy ny maha tsy ara-dalàna ireo orinasa monisipaly nantsangan'ny mpitantanana teo aloha. Tao koa ireo mpanolontsaina niresaka momba ny tokony hametrahana ny mangaraharaha amin'ny fitantanambolan'ny kaominina. Niraisan'ireo hevitra koa ny tokony hijerena manokana ny tombontsoan'ireo mpanolontsaina raha tsy hilaza afa-tsy ny solontsolika tokony aloa mba hahafahan'izy ireo manatanteraka ny asany amin'ny antsakany sy andavany. Namelabelatra ny vinan' asany hitantanana ny kaominina mandritra ny fotoampiasany moa ny PDS nialoha ny nidirana tamin'ny fametraham-panontaniana. Mbola nampanantena ihany ity farany ny hamaha ao anatin'ny fotoana fohy ny olan'ny karama, ka nambarany fa hizotra amin'ny antsakany sy andavany izany manomboka amin'ity volana ity na amin'ny avrily fara fahatarany. Noresahany ihany koa ny fametrahana sampandraharaha manokana hitantana ny vola miditra sy mivoaka eo anivon'ny kaominina, ary ny fanafoanana ny sampandraharaha miandraikitra ny fitsirihana ny fantanterahana ny asa eo anivon'ny kaominina. Haharitra telo andro ny fivorian'ireo mpanolontsaina.



**Andro voalohany amin'ny fivoriana tsy ara-potoana iarahan'ireo mpanolontsaina mandritra ny telo andro. (Sary nindramina)**

**R. Muray**

Tohin'ny raharaha SMA

# Tapitra ny fitokonana, niverina niasa ireo mpiasa

Miverina amin'ny laoniny ny fampandehanan-draharaha eo anivon'ny SMA (Société Municipale d'Assainissement). Taorian'ny fandraisana karama tamin'ny talata lasa teo, dia niverina namonjy ny asany avokoa ireo mpiasa nitokona nanomboka ny talata alina sy omaly. Efa mandeha avokoa araka izany ny asa mahazatra amin'ny fanadiovana sy ny fanalana ny fako eto Antananarivo. Na izany aza, hanao taratasy fitaraina mikasika ny fijaliana iainan' izy ireo ankehitriny any amin'ny Filoham-pirenena ireto farany. Mbola tsy fantatra ny fotoana hanateran'izy ireo ny taratasy eny anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika. Omaly, nikasa ny hiakatra tamin'ny fandaharan'ny fahitalavitra tsy miankina iray teto an-dRenivohitra ny solontenan'ny sendikan'ny mpiasa, saingy tsy navelan'ny lehiben'izy ireo hatramin'ny farany. Mbola nampanantena indray moa ny PDS-n'ny kaominina Antananarivo Renivohitra fa hamerina amin'ny laoniny ny fahataran'ny fandoavana karama fara fahatarany manomboka amin'ny volana avrily.

**R. Muray**

Rabarijohn Francis

# Voafidy ho filohan'ny GEM

Notanterahina omaly teny Anosy ny fifidianana ny filohan'ny GEM, na ny Vondron' ny orinasa eto Madagasikara. Lany tamin'ny isambato 59 tamin'ny 85 Rabarijohn Francis. Izy araka izany no filoha vaovao mandimby ny filoha teo aloha, Rajaona Thierry, ka hitantanana ny GEM mandritra ny roa taona. Ity farany, izay mpifaninana taminy tao anaty latsa-bato, dia nahazo vato 24. Vato fotsiny ny 2 tamin'ireo vato ambiny. Tsy zoviana eo amin'ny tontolon' ny fandraharaha ity filoha vaovao ny GEM ity. Tale jeneraly eo anivon'ny orinasa lahibe iray ny tenany ary mpikambana mavitrika eo anivon'ny SIM, na ny Sendikan'ny indostria eto Madagasikara. Manana traikefa feno eo amin'ny sehatry ny indostria, ary mahavita andraikitra lehibe eo amin' ny sehatry ny tontolo iainana.

**R. Muray**

Samy...

## Lafo vidy !

Dia io iaraha-mahita io fa mitokona ireo mpitatitra solika any Toamasina. Eo am-piandrasana ny ho fiafaran'ny raharaha, resaka isika samy isika ihany é, ho lafo vidy ny vokatr' izany eo amin'ny fiainana andavanandro. Asa moa raha azo lazaina efa vokatr'izany ny fiakaran' ny vidin'ny arina fandrehitra mampikaikaika ny maro ankehitriny. Efa mananika ny efatra alina ariary latsaka kely mantsy izao ny gony amin'ny arina fandrehitra fampiasan'ny tokantrano maro hikarakarana sakafo. Ny tsy azo lavina aloha, mbola maro ny tokantrano mampiasa arina fandrehitra handrahoana sakafo. Na izany eto an-drenivohitra na izany any antanan-dehibe hafa eto amin'ny firenena. Saingy asa moa firy amin'izany ny maharaka ny fiakaran' ny vidin'ny arina fandrehitra ny fahefa-mividiny ? Raha hitodika amin'ny herinaratra indray hikarakarana ny ao an-tokantrano, io iaraha-miaina ny delestazy tsy mety voavaha ! Rehefa misy tranga miseho eo amin'ny famatsiana solika, tsy milamina ny famokarana herinaratra ! Lafo vidy ho an'ny mpanjifa ny vokatr'izany satria ankoatra ny mety ho fahasimban'ny fitaovana, eo ihany koa ny tsy fahafahana miasa aradalana. Raha hiverina amin'ny arina fandrehitra indray, tsy ho ara-dalana ny famatsiana azy rehefa simba sy ratsy ny lalana izay isan'ny antony mampiakatra ny vidiny ihany koa. Lafo vidy ho an'ny mpanjifa izany rehetra izany. Raha entina eo amin'ny sehatry ny firenena, lafo vidy ho an'ny tontolo iainana ny ala ripaka noho ny fikapana ny hazo hatao arina fandrehitra ! Raha hijanona amin'ireo ny angovo hampiasaina, ho lafo vidy foana ny toe-draharaha !

Samy isika ihany é !

**Herivonjy RAJAONAH**

...isika

## TSIPAKA

Tao anatin'ny hafaliana tanteraka no nahafantaran'ny mpankafy baolina kitra fa halefa mivantana amin'ny fahitalavi-panjakana "TeleViziona Malagasy" ny fihaonana rehetra, izay handraisan'ny Barea de Madagascar anjara amin'ny "Fenêtre FIFA", hatao eny amin'ny kianjaben'i Mahamasina, manomboka rahampitso tolakandro. Efa nahakivy ny maro ihany mantsy ny fandrenesana fa mahatratra hatrany amin'ny 10.000 Ariary ny karatra fidirana eny amin'ny « gradin », izay natokana ho an'ny sarambabem-bahoaka, kanefa lalao ara-pirahalahiana no atrehina. Ho an'ny mpiondana an'ity taranja ity anefa dia tsy misy afa-tsy ny fanatrehana mivantana ny lalao eny an-kianja ihany no tena zava-dehibe, iàlana amin'ny fahatapahan'ny jiro lavareny tsy misy fitsaharana ity tato ho ato izay. Koa na dia mangeroka sy masiaka aza ny sakay dia rehefa ifanarahana dia tafatelina ihany !

### Manantena an'ilay fampanantenana

Miteraka resabe iny fanapahan-kevitra noraisin'ny mpitantana ny TVM iny, izay misy ny maneho hevitra mivantana fa entina handambolamboana ny vahoaka Malagasy amin' izao fotoana ankatoky ny hanaovana ny fifidianana solombavambahoaka izao. Mety hisy fahamarinany ihany izany kanefa resaka pôlitika ka aleo aloha tsy hampidirina lalina amin'ny fitantanana ny taranja ara-panatanjahantena. Antenaina kosa anefa fa ho tohizana sy ampiharin'ny mpitondra fanjakana amin'izay ny fampanantenana nataony amin'ny fandefasana mivantana amin'ny TVM an'ireny lalao iraisampirenena ireny (Euro – Mondial…). Fampanantenana natao nandritra ny fampielezan-kevitra tamin'ny fifidianana filoham-pirenena tamin'ny taona 2018. Eto antoerana ihany koa aza dia tokony hanao ezaka goavana, toy ny fahitalavitra tantanin'ny olon-tsotra, ny TVM handefa mivantana an'ireny fifaninanam-pirenena ireny, izay tsy atokana ho an'ny baolina kitra irery ihany fa velarina amin'ny taranja ara-panantanjahantena rehetra. Izany no atao dia isarihana ny ankizy sy ny tanora, hitia fanatanjahantena, fa tsy hirona amin'ny fidorohana zava-mahadomelina sy fisotroana zava-mahamamo, izay mampihanaka ny asanjiolahy ankehitriny. Eo amin' izay fampitana mivantana ny fifaninanana ara-panatanjahantena izay indrindra, dia soa ihany aloha fa efa misy ny "facebook" mandefa mivantana azy ireny, saingy natokana ho an'ny manampahafahana mividy finday avo lenta sy saram-pandefasana azy.

**aris rafaly**

FJKM - TPM

# Hanao lalao ara-pirahalahiana hitazonana ny fifandraisana sy ny fiombonana



**Tsy atoro voanjo hadiana amin'ny fanaovana fanatanjahantena !**

Manomana hetsika ara-panatanjahantena ho an' ireo mpianatra ho Mpitandrina, rahampitso, ny mpitantana ny Toeram-Panomanana Mpitandrina (T.P.M) eny Ivato sy Ambatonakanga, izay ao anatin'ny sahan'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy eto Madagasikara (FJKM). Izany lalao ara-pirahalahiana izany no tanterahina, dia entina hitazonana ny fifandraisana sy ny fiombonana eo amin' ireo mpanompon'Andriamanitra, miomana amin'ireo toerana anankiroa ireo. Taranja ara-panatanjahantena maro no hifaninanana ao anatin'ny iray andro, eny amin'ny kianjan'ny T.P.M Ivato, toy ny baolina kitra – volleyball - basket-ball, ary kanetibe sy hazakazaka 100 metatra sy 600 metatra mifampitohy. Eny anelanelan'ny fifaninanana ara-panatanjahantena, dia hisy ihany koa ny dihy fampihetseham-batana amin'ny alalan'ny fanaovana "Zumba", iarahan'ny vehivavy sy ny lehilahy manatanteraka. Natokana ho an'ny fianakaviamben'ny mpiomana ho mpitandrina irery ihany ny fanatrehana ny fifaninanana. Tsetsatsetsa tsy aritra no anamarihana fa tsy vitan'ny kely vovokaina ny asan'ny Mpitandrina, ka mila kotrana toy ny mpanao fanatanjahantena matihanina ihany koa izy ireny. Tsy moramora ny mifandona amin'izy ireny fa efa nampahafantariny an'izany ny ekipan'ny mpanao gazety ara-panatanjahantena tamin'ny baolina kitra, izay efa nanao lalao ara-pirahalahiana taminy. Tahaka izany koa rehefa mifandona amin'ny Mopera amin'ny Eglizy KAtolika Romana, ka dia efa am-piomanina aratsaina dieny izao izay te hanao lalao ara-pirahalahiana amin'ireny mpanompon'Andriamanitra ireny. Tsy hoe fifandonana arahina herisetra no tian-kolazaina fa fahaizana milalao baolina kitra.

**Tsara ho fantatra**

Tahaka izao ny fizotran'ny fandaharam-potoana (Zoma 22/03/2024 ) : 8 ora – 9 ora: Fanompoam-pivavahana sy fanokafana amin'ny fomba ofisialy ny fifaninanana eny amin'ny Chapelle Filadelfia Ivato, tarihin'ny Mpiomana Prudence sy ny Mpitandrina Randriamampionona Alfred ; 9 ora – 9 ora sy fahefany : Fandaminana ny "Zumba" eny amin'ny Chapelle ; 9 ora sy sasany – 10 ora sy fahefany : Famaranana volleyball ; 10 ora sy fahefany – 10 ora sy sasany : "Zumba" eny amin'ny kianja filalaovana volleyball ; 10 ora sy sasany – 11 ora sy sasany : Famaranana basketball ; 10 ora sy sasany – 11 ora sy sasany : Fifaninanana Kanetibe eny amoron' ny kianja filalaovana baolina kitra ; 11 ora sy 10 min – 11 ora sy fahefany : Fanaovana "Zumba" eo amin'ny kianja filalaovana baolina kitra ; 11 ora – 12 ora : Fifaninanana kanetibe, arahina hazakazaka 100 metatra sy 600 metatra mifampitohy ; 12 ora – 1ora sy fahefany : Fiarahana misakafo eo an-tokontan-in'ny Chapelle ; 1 ora sy sasany – 2 ora : Fifaninanana baolina kitra ho an'ny vehivavy ; 2 ora – 2 ora sy 10 min : Fanaovana "Zumba" ; 2 ora sy 10 min – 4 ora latsaka fahefany : Famaranana baolina kitra ho an'ny lehilahy ; 4 ora – 4 ora sy sasany : Famaranana ny lanonana sy fizarana loka.


**aris rafaly**

Lalao Afrikanina 2024

# Mety handrombaka medaly ny "Rugby à VII" vehivavy

Miandrandra medaly avy amin'ny mpilalao " Rugby à VII " vehivavy ny mpanaraka ny Lalao Afrikanina, andiany faha-13, any Accra (Ghana) fa ny lokony fotsiny sisa no tsy fantatra fa mbola kikisana, hoy ny filazan' Itpkl Marcellin Harvel, Filohan'ny federasionina tamin'ny ady totohondry fahiny izay. Tamin'ny lalao fifanintsanana natao dia nahafinaritra ny voka-dalao, satria mitazona ny laharana faharoa vonjimaika, aorian'i Ouganda (8 isa) ny Makis de Madagascar, izay manana isa 4. Mbola any aorian'i Madagasikara ny ekipam-pirenen'i Ghana (3) sy Nizeria (0) ary Tonizia (0). Ampatsiahivina fa mpilalao 12 no miaro ny voninahi-pirenentsika any an-toerana, ahitana an'i Claudia (kapiteny) – Ginah Be – Yvanna – Delphine – Felana Be – Laurence - Ginah Kely – Valisoa – Sousou – Nandrianina – Olivia – Felana Kely. Marihina fa vondrona iray ihany no mifaninana amin'ny "rugby à VII" vehivavy ka ny isa azo no ahafantarana ny filaharan'ny ekipa. Raha ny tokony ho izy dia mahazo fandresena hatrany raha te hiambozona medaly. Teo amin'ny famaranana hazakazaka 100 metatra vehivavy dia ambivitra no tsy nahazoan'i Claudine Nomenjanahary ny medaly alimo, nanoloana an'ilay teratany nizerianina Olaidje Olayinka, nahavitan ny halaviran-dàlana tao naatin'ny 11 seg 55 (542) raha 11 seg 55 (546) no vitan'ny solontenantsika. Nandrombaka ny medaly volamena kosa i Bina Mariam teratany gambianina, nahavita an'izany tao anatin'ny 11 seg 36. Nitana ny laharana faharoa ilay liberianina Maïa Alyse (11 seg 49). Niatrika ny lalao famaranana teo amin'ny 100 metatra misy fefy, tany amin'ny kianjan'ny Oniversite-n'i Legon halina, kosa i Sidonie Fiadanantsoa, izay efa nandrombaka medaly volamena tamin'ny lalaon'ny tany miteny frantsay sy ny lalaon'ny nosy farany teo teto amintsika. Marihina fa hiakatra kianja anio i Florentine Razanamandroso, izay handray anjara amin'ny fifaninanana vikin-davitra. Florentine sisa no atleta malagasy farany, miatrika fifaninanana amin'ny taranja fototra atletisma.

**aris rafaly**




**Miandrandra an'i Sidonie Fiadanantsoa isika.**

Naverina amin'ny toerany ny tolotra

# TSIPAKA, SONGADINA, TSIAHY/TSIARO…

Ho fanomezana fahafahampo hatrany ny mpamaky dia naverina amin'ny toerany ny tolotra, nahafantarana ny pejin'ny fikirakirana ny taranja ara-panatanjahantena nahazatra hatramin' izay teto amin'ny Gazetiko, toy ny TSIPAKA – SONGADINA – TSIAHY / TSIARO. Ankoatra an'izany, ho fanatsarana hatrany ny pejintsika, dia nampiana tolotra vaovao toy ny PASI PASI, ary ho vakianao tsy ho ela ihany koa ny TSARA HO FANTATRA, izay mitatitra ny tsara ho fantatra hatrany amin'ny taranja ara-panatanjahantena sy ny manodidina misy azy. Izany no natao dia noho ny fitombon' ny isan'ny pejin'ny Gazetiko, ka afahana migalabona amin'ny fitaterana ny zavamisy manodidina ny taranja ara-panatanjahantena. Marihina ohatra fa ny TSIPAKA dia natao hitsikerana sy hanakianana ka hitsipahana ny zavatra tsy mety amin'ny fitantanana fanatanjahantena, kanefa afaka hanomezana tolokevitra ihany koa hanatsara azy. Ny SONGADINA moa dia mazava ho azy fa fampahafantarana ny atleta sy ny mpilalao nisongadina nandritra ny fifaninanana ara-panatanjahantena nandraisany anjara. Ny TSIAHY / TSIARO kosa indray fivoizana sy fampahafantarana ny zava-bitan' ny mpanao fanatanjahantena na ny klioba na ny mpitantana taranja ara-panatanjahantena fahiny, ho fantatry ny taranaka aty aoriana. Ny PASI PASI kosa dia fitaterana ny atleta / mpilalao, izay manana taranaka amin'ny fanohizana ny dian'ny ray aman-dreniny amin'ny filalaovana taranja ara-panatanjahantena. Araka izany izay manana hetaheta te ho taterina sy ho fantarina ny zava-bitany teo amin'ny sehatry ny fanaovana fanatanjahantena, dia afaka mifandray mivantana amin'ireto finday ireto : 034 34 697 98 – 033 11 697 31 – 033 11 676 43 – 034 34 697 91 na koa amin'ny facebook : Aristide Rafalimanana / Alain Rabenaivo.

**aris rafaly**


PASI PASI

Rakotonirina Désiré (Dezy Monstre)

# Kalaza amin'ny tsipy kanetibe ny zanany
# Raha ny basket-ball kosa no ataon'ny zafikeliny

*Anisan'ny sangany sy nametraka tantara teto Madagasikara Rakotonirina Désiré fantatra amin'ny hoe Dezy Monstre. Teo amin'ny tontolon'ny baolina kitra no tena nahafantarana azy, izay nilalao tao amin'ny Saint Michel, Sotema, Mami, Jos Nosy be ary Cimelta. Efa voaantso tao anatin'ny ekipam-pirenena Club M koa tamin'izany fotoana izany ary nanahirana ireo afrikanina no nanakana azy. Nifameno tanteraka izy mivady satria dia mpanao fantanjahantena, Kickboxing ihany koa Ramatoa Razanamalala vadiny. Anisan'ny nandimby sy nanohy ny fanatanjahantena nataon'izy mivady ihany koa ireo taranany hoan'ny zanak'izy ireo vavy, Rakotonirina Lalaharisoa Julie Hortensia faravavy dia ny taranja Tsipy kanetibe no nataony. Ity farany no hampahafantatra antsika ny mahakasika ity fianakaviana ity.*



Nanahan-dRay aman-dreny amin'ny fitiavana spaoro ny taranany.

**Gazetiko :** Anaranao feno
**RLJH :** Rakotonirina Lalaharisoa Julie Hortensia
**Gazetiko :** Firy taona ianao dia mbola manao tsipy kanetibe ve, ao amin'ny klioban'iza ?
**RLJH :**34 taona. Eny tena mbola ao anatin'ny tontolon'ny Tsipy Kanetibe. Tao amin'ny CBT no nanomboka nilalao, nifindra tao amin'ny BIC tamin'ny 2021, nakany amin'ny APCToamasina, izay nhzoako ny tompondakan'i Madagasikara voalohany. 2022 indray dia nifindra tetsy amin'ny PAC Ampitatafika ary amin'ity taom-pilalaovana ity kosa dia niverina ao amin'ny BIC.
**Gazetiko :**Nanomboka firy taona ianao no nanao Tsipy kanetibe ?
**RLJH : 1**5 taona no nanombohako ny Tsipy kanetibe, ka na dia nandresy lahatra ahy hiditra ao amin'ny MIFA klioba baolina kitra vehivavy aza dadanay dia tsy nazoto ny tenako
**Gazetiko :** Firy ny zanakao iza avy dia manao tsipy kanetibe daholo ve ?
**RLJH :** 2 vavy, 17 taona ny zokiny dia 12 taona ny zandriny. Tsy nahasarika azy ireo ny boule fa basketball no tena tiany dia tsy nosakanako fa navelako hisafidy ny spaoro tiany. Samy manao basketball ao amin'ny klioba CBBTmoa izy roa vavy.
**Gazetiko :** Inona no nahatonga anao hanao kanetibe kanefa ny mpanao baolina kitra sy mpanao Kick Boxing ny Ray aman-dReninao ?
**RLJH :T**ena nahaliana ahy ny "Boule" satria tsara be foana ny loka tamin'izany, izay tsy vola fa kojakojndakozia isan-karazany, teo koa tapakilam-piramanidina mandeha La Reunion, ka voasarika sao dia hoe mba mahita an'Andafy izany.
**Gazetiko :**Efa nisy voantso handrafitra ny ekipam-pirenena ve nareo zanak'i papanareo ?
**RLJH :** Izaho tamin'ny 2021 no niatrika ny fiadiana ny tompondaka eran-tany tany Espana.
**Gazetiko :** Ahoana izany hoe miaraka manao spaoro nareo mianakavy ?
**RLJH :**Tena mahita an'ilay fianakaviana manao spaoro aloha tena tsara, mifanohana, mifankalahelo raha vao resy. Izaho manokana vao maharesy dia mitondra amboara mody dia faly ery ilay zanako any ka lasa tena mampiezaka be hitako tena "courage" be izaho dia mifanontany foana raha vao tonga ao an-trano hoe naharesy ve ndry na hoe nanao ahoana ny boule an'i Maman.
**Gazetiko :** Inona no fialambolinareo mianakavy ?
**RLJH :** Rehefa tsy mianatra ny ankizy dia mba mandehandeha.
**Gazetiko :** Fanentanana ataonareo ho an'ny fianakaviana mba hanao spaoro.
**RLJH :** Manaova sport fa tena ilaina sy tsara sady mahasalama.

**Rabenaivo**

Karate

# Nizara traikefa tetsy amin'ny ANS Sensei Balam

Mandalo eto an-tanindrazana amin'izao fotoana izao Sensei Balam, eo amin'ny taranja Karate. Tsy manadino fa mizara traikefa amin'ireo namana sy zandriny aty aoriana ny tenany. Ny faran'ny herinandro teo tetsy amin'ny dojo ny Akademia Nasionaly Ampefiloha no niarahana tamin' ireo karaté, izay tonga mavitrika. 7eme dan moa Sensei Balam, tamin'ny taona 2011 no nahazoany izany. Wado Ryu no "style" arahany, izay tsiahivina fa mpianatry ny Maitre Shiomitsu. Mila ravinahitra any ivelany ny tenany, izay efa nampianatra karate tany Frantsa, Ethiopie, Côte d'Ivoire, Nouvelle Calédonie. Nambarany, fa mangetaheta hampianatra izy, rehefa afaka mampita dia mampita, efa mikasa hiverina ny tenako, hoy izy ary efa anatin'ny fikaraka-rana izany. "Tokony ho mailo ny mpanao Karate miatrika "competition" satria misy fotoananу ihany fa ny karate mitohy hatrany, izay no tena karate, manao hatramin'ny farany fa mila mikaroka hatrany eny an-dalana ny rehetra ary mandroso moramora". "Tsy niova fa ny style WadoRyu ihany no ataoko fa samy tsara daholo anefa ny style rehetra", "ny olona no manao izany fa rehefa tsara hofana tsara daholo, rehefa ela tsy maintsy mahay". "Mila mianatra amin'ny mpampianatra mahay", hoy hatrany Sensei Balam ka ny hatahorako dia betsaka ny mpampianatra tsy mahay, vao ceinture noir dia efa mampianatra satria mieritreritra hoe mahay".


**Rabenaivo**

Kitra - Beach soccer sy Futsal

# Hanangana ekipam-pirenena matanjaka no tanjona

Feno tanteraka ny fandaharam-potoana ho an-dry zareo eo anivon'ny kaomisiona manokana misahana ny baolina kitra lalaovina ambony torapasika sy ny anaty efitrano. Omaly nanazava ny fandaharam-potoana rehetra ketrehany izy ireo, izay natrehan'ny filohan'ny FMF, Randriamanampisoa Alfred. Nampatsiahivin'ity farany fa tamin'ny 2015 efa tompondakan'i afrika ny Barea Beach Soccer, azo atao tsara ny mamerina izany, hoy izy, ka nahatonga ity vaomiera ity nametraka ireo fandaharam-potoana isan-karazany. Anisan'izany ilay « festival » hatao any amin'ny faritra Sava, izay handraisan'ireo faritra maro anjara. Tanjona, hamohazana indray ity taranja ity sy hitiliana sahady ireo mpilalao handrafitra ny Barea Beach Soccer. Ankoatra izay, mbola hisy ny fifaninanam-pirenena, hotanterahana any Manakara amin'ny fiandohan'ny volana jolay. Aorian'izay, amin'ny volana aogositra ny hanaovana ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika any Ejypta, ka mikasa ny handray anjara amin'izany i Madagasikara. Mbola hitohy any amin'ny faritra atsimo ny "Festival", ka any Toliara indray amin'ny volana novambra no handray izany. Andiany voalohany ity, hoy kosa ny filohan'ny vaomiera, Pontiac, izay nanamafy fa hisy isan-taona izany. Nambarany ihany koa fa noho ny fahitana ireo tanora manan-talenta eo amin'ny futsal dia misy ny fanantenana ny handehanantsika lavitra. Tsy tonga ho azy anefa izany, fa efa misy ny politika sy fandaharam-potoana mipetrapetraka nalahatry ny vaomiera, ka hisy ny fifaninanam-pirenena hokarakaraina amin'ny volana aogositra eto Antananarivo, izay manomboka amin'ny latsaky ny 13taona, ny seniors ary ny veteran. Antenaina noho izany fa hizotra antsakany sy andavany izany tetikasa izany, izay hamerina indray antsika amin'ny sehara iraisam-pirenena.

**Rabenaivo**




Nandritra ny fampahafantarana ny tetikasa ho an'ny beach soccer sy futsal omaly.




## Sarisary zary tenany

**Impiry ?**




## Hatsikana an-tsary

**Mana-lehibe**




## Masoandro Miposaka

**I KOR 10 : 14-15**

14 Koa amin'izany, ry malala, mandosira ny fanompoan-tsampy.
15 Miteny toy ny amin'ny olo-manan-tsaina aho; heveronareo izay lazaiko.


## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05

## Tantara mitohy




## Ohabolana



**Ny fo rano mafana, ny tendrom-po tsy mba namana.**

Le cœur est (pareil à) de l'eau bouillante; nos premiers mouvements, (produits par la colère ou le dépit) ne sont pas les bons (litt. ne sont pas nos amis).

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3202**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | 9 | | 1 | | | |
| | 5 | | | 8 | | | 2 | |
| | | 2 | | 4 | | 8 | | |
| | | 7 | 4 | | 8 | 2 | | |
| | 1 | 4 | 7 | 5 | 6 | 3 | 9 | |
| | | 6 | 2 | | 3 | 7 | | |
| | | 5 | | 7 | | 9 | | |
| | 8 | | | 6 | | | 3 | |
| | | | 8 | | 4 | | | |

Valin'ny laharana **3201**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | 7 | 4 | 2 | 3 | 8 | 6 | 5 | 9 |
| 3 | 5 | 6 | 4 | 1 | 9 | 7 | 2 | 8 |
| 8 | 2 | 9 | 7 | 6 | 5 | 4 | 3 | 1 |
| 7 | 4 | 2 | 5 | 8 | 6 | 1 | 9 | 3 |
| 9 | 3 | 5 | 1 | 4 | 2 | 8 | 6 | 7 |
| 6 | 1 | 8 | 9 | 7 | 3 | 2 | 4 | 5 |
| 2 | 6 | 7 | 3 | 9 | 1 | 5 | 8 | 4 |
| 4 | 8 | 3 | 6 | 5 | 7 | 9 | 1 | 2 |
| 5 | 9 | 1 | 8 | 2 | 4 | 3 | 7 | 6 |

**HOTSAKOTSAKOINA**

«Ny fisalasalana fikirina no mampanonga hitombo fatra ny tahotra iainana.
Ny fahasahiana ananana no mampitombo ny herimpo misy ao anatinao. »

**Ny Vetso (03.10.16)**

(«Le courage croît en osant et la peur en hésitant». Patrick Leroux)

Ambatofinandrahana

## Zandary iray maty voatifitry ny dahalo

Raikitra ny fifandonana teo amin'ireo dahalo sy ny mpanara-dia nahitàna zandary sy fokonolona tao Amberobe, atsimon'Ambatovita, kaominina Amboropotsy, distrikan'Ambatofinandrahana ny talata lasa teo tokony ho tamin'ny 9ora maraina. Vokatr'izany, zandary iray miasa ao amin'ny borigadin'Amboropotsy no voatifitra teo amin'ny sorony sy ny tanany. Noho ny rà betsaka very taminy dia nitarika ny fahafatesany. Zandary maro no efa nalefa nanatevin-daharana any an-toerana ka mitohy ny fanarahan-dia ireo dahalo. Voalaza fa omby roapolo no nangalarin'ireo dahalo tamin'io. Fa ankoatr'io dia andian-dahalo nirongo fiadiana ihany koa no nanafika tao amin'ny fokontany Ambalamotana, kaominina Amboropotsy ny Talata lasa teo. Nisy ny fifampitifirana tamin'ireo dahalo. Vokany, dahalo iray no maty ary zandary iray naratra voatifitra teo amin'ny tanany. Efa nalefa notsaboina ilay zandary naratra io, mitohy kosa ny fikarohana ireo dahalo tafatsoaka.

**R.C**

Faratsiho

## Ravan'ny havandra ny fambolena

Nilatsahan'ny avandra ny tananan' Antsira fokontany Tsiandramana distrikan'i Faratsiho tamin'ny zoma 15 marsa lasa teo .Potika tanteraka ny 96 isan-jaton'ny vary nambolena tany an- toerana. Efa masaka ireo vary ireo, saika hinjinja azy indrindra ireo tantsaha no izao tratran'ny avandra izao ka tsy nisy azo noraisina intsony.Tsy ny voly vary ihany no potika fa ny fambolena rehetra mihitsy.Very fanantenana tanteraka ny tantsaha any an-toerana ka manaitra ny tompon'andraikitra hikjery akaiky ny zava-misy.

**Rablaise**


**Gazetiko**

Novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :**
Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :**
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :**
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :**
Lalana Ravoninahitriniarivo
**B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél :** 038 34 344 34
**Fax.** 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
**D.L.I :** 16 598 - 03 - 24
Isan'ny natonta : 25 000


**Nahandro**

### Mofomamy mangahazo

**Zavatra ilaina :** mangahazo lena, dobera, ronono, siramamy, hanitra lavanila, ranona côcô.

**Fikarakarana azy :** Rehefa voavaofy sy voadio tsara ny mangahazo dia kikisana amin'ny sivana na fitaovana fikikisana karaoty madinika ireny. Atao anaty lovia jobo dia arotsaka ny dobera sy ny ronono ary ny hanitra lavanila. Alefa ihany koa ny ranona côcô, izay kely hanomezan-tsiro azy fotsiny fa manjary lasa mitsiranoka. Empoina ny siramamy ka rehefa lasa caramel dia arotsaka anaty lasitra. Araraka eo ambony avy eo ny fangaro rehetra. Andrahoina anaty vilany na lafaoro atao bain-marie. Rehefa hita fa masaka dia esorina ary avela hangatsiaka. Avadika amin'ilay misy loko iny no atao ambony vao tetehina.

## MANAMPY ANAO

**Permanences
16 mars au 22 mars 2024**

PHARMACIE DE GARDE

ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

- 67HA - face Eglise Luthérienne - 020 22 253 61
- VOLAHANTA - Anosibe près du rond point vers Soanierana - 020 22 355 09/034 24 334 86
- NANISANA - Nanisana Iadiambola arret bus sapin 032 03 520 29/034 05 750 29
- AMBANIDIA - 020 22 255 50/033 05 255 50
- MAHAVOKY - Andravoahangy 020 22 255 51/ 034 89 056 09
- IARIVO - Analakely en face Institut d'hygiène sociale 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06

PÉRIPHÉRIE d'ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaosy- 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohibao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahitsy- 020 22 423 65
Amboditsiry - 020 22 528 21 - 033 01 551 31 - 034 36 580 94
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandroseza- 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohidratrimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimangakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy- 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amoronakona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifarihy Ankaraobato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soa Ny Aina -Tsarahonenana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
Ankaraobato en face CSBII - 034 64 330 62

A.M.I.T.

BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

AMBULANCE

- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL: 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 / 033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostique et d'urgence médical) TEL 22 329 56/ 032 07 822 28/ 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
- AMBULANCE ET URGENCE CRTM-01 - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

## TELEVIZIONA

MA TV MADAGASCAR

06.00 : Oran'ny fanantenana
06.30 : Salama va
08.00 : Film Jeunesse
10.05 : Full sport ®
10.30 : Magazine
12.00 : Météo
12.05 : Série ®
12.30 : News du 12h30
12.45 : Ny Vaovao
13.30 : A votre santé
14.00 : Film Comédie
16.00 : JOURNAL INTERNATIONAL
16.50 : Full Sport
17.00 : Dessins animés
17.30 : Royal Chapel
18.00 : Mahandro ®
18.15 : Ny Vehivavy
19.00 : Les infos de Ma-TV
19.10 : Série
19.30 : NY VAOVAON'NY MA-TV
20.30 : Fandaharana manokana
21.00 : Film Action
23.00 : Journal international
00.00 : Film Frisson
02.30 : Documentaire
04.30 : NY VAOVAON'NY MA-TV ®
05.00 : Série ®
05.30 : Kristy mandamina ®
06.00 : Oran'ny fanantenana

K

6.00 : Musique
06.15 : So COOL
08.15 : Série
08.45 : Mozika
10.00 : Shopping TV
10.30 : Série
11.00 : Mozika
12.00 : Série
12.15 : Instafun ®
13.15 : Alalino ®
14.10 : Le Journal de l'Economie ®
14.25 : Kolo Ts'Art ®
14.55 : Passion d'Ados
15.10 : Mozika
16.50 : Smiling Time
17.20 : Instafun
18.00 : After
19.25 : Le Journal
20.00 : Ny Vaovao
20.50 : Cinéma
23.00 : Ny Vaovao ®
23.50 : Cinéma
02.00 : Bonne Nuit avec KOLO TV

RECORD TV

05.3[illegible] . DE LA FOI
06.00 : JOURNAL ®
06.30 : LA MATINALE
08.00 : DIVERTISSEMENT / DOC / DESSINS ANIMES / MAGAZINE
08.30 : TOI MON AMOUR ®
09.25 : MAGAZINE ET DESSINS ANIMES
10.30 : i-VAOVAO
12.30 : ASINTADO ®
13.10 : HIRANTSIKA
14.30 : TOI MON AMOUR
15.30 : MAGAZINE / DOCUMENTAIRE / DESSINS ANIMES / DOCUMENTAIRE / FILM
17.00 : DESTI-NATION MALAGASY
19.00 : LE JOURNAL DE LA RECORD
19.45 : ASINTADO
20.30 : ALEO RESAHANA ANAO NY SEHATRA
21.00 : PAROLE DE VIE
21.15 : FILM
22.00 : FILM
23.00 : FILM
00.30 : FRANCE 24

VIVA

00.10 : Film
01.44 : Film
03.46 : Clips : Christian Music
04.08 : Clips : Misy Raha ®
04.38 : Journal : Viva Évènement VM ®
05.08 : Culte : Tsara taiza
05.49 : Clips : Christian Music
06.00 : Viva Prod : Viva Réveil
07.30 : Viva prod : 6 à 8
08.00 : Viva Prod : Viva Futbol Masters ®
08.13 : Série policière : Série Bones
08.56 : Série : Série Chuck
09.46 : Film
11.42 : Sport : Top Chrono ®
12.08 : Série k-drama : Série Crash Landing On You ®
13.18 : Clips : Misy Raha
13.48 : Série drama-tique : Série Dynastie 2017 ® (-10)
14.33 : Film
16.50 : Série k-drama : Série Crash Landing On You
18.00 : Série com-dram-fami : Dr Doogie. Kamealoha ®
18.30 : Magazine jeux vidéo : Game in
19.10 : Loterie : BET 261
19.30 : Journal : Viva Évènement VM
20.10 : Viva Prod : Viva Futbol Masters
20.30 : Journal : Viva Évènement VF
20.50 : FAHASALA-MANA HO AN'NY DAHOLO BE
21.05 : Film
23.05 : Film
00.50 : Viva Prod : Viva Évènement VM ®
01.30 : LE FEELING DE TOUTES LES GÉNÉRATIONS

## TELEFAONINA ILAINA

HOPITAUX ET CLINIQUES

- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55
- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMANANDRAIBE - IMMEUBLE RALISON -ANTANIMENA - OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHITSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 034 71 394 95 / 034 45 076 23 - MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE TOXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94/ 033 11 058 00
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY TEL 033 16 028 62
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CENTRE MEDICAL COLISEUM TEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)

ESPACE MEDICAL / SOS Médecins

- AMBODIVONA TEL 22 625 66/ 034 02 088 16/ 034 02 00 911

CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL

- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32/ 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

AROVY CLINIC

ATRIUM ANKORONDRANO
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

POMPIERS

- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

POLICE SECOURS - GIR

- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117

COMMISSARIATS

- 1er ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2e ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
- 3e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8e ARRONDISSEMENT ANALAMAHITSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22

# TENY REHETRA TENY

(Sary : Kelly R. / Deyland ; soratra : Judd)



Eto amin'ity toerana ity no mety hanorenana seranana vaovao.




Ireo  mpanjono any amin'ny faritr'i Manakara iny.



Isan'ny fitaovam-pitaterana manana ny toerany ny lakana any amin'ny faritra.



Mihahaka fotsiny ireo mpitondra taxi-moto fa tsy misy ny mpandeha.



Feno karazan'entana toy izao eny amin'ny lalana izay lalovana.



Azo isafidianana tsara misy izay ilaina amin'ny fiainana andavanandro



Maneho ny fahasahiranan'ny vahoaka malagasy ny fisian'ny tranga toy izao.



Rehefa leom-boan'anana dia tsy tia zava-boribory tahaka itony itsony.




**Orange** dia manohana ireo vehivavy malagasy amin'ny alalan'ireo **maison digitale 40** manerana ny Nosy. Tetik'asa izay manamora ny firosoan'izy ireo ho amin'ny **fahaleovan-tena ara-bola**.

GCL 775/15-9

orange™